REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA
SY NY FANAJARIANA NY TANY



TARI-DALANA HO AN'NY KAOMININA

Martsa 2025



NY RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA (RIF)
NA
STRUCTURE LOCALE DE CONCERTATION (SLC)



FIZAHAN-TAKELAKA

00
Fampidirana

01
Fampahatsiahivana

02
Inona no atao hoe SLC

03
Fametrahana sy fampandehanana ny SLC

04
Fomba fiasan’ny SLC

05
Tombontsoa azo avy amin’ny fametrahana ny SLC

06
Fomba fitantanana fikaonan-doha

07
Fanamarihana sy tsara ho fantatra

08
Famaranana


09
Tovana

FANALAVAN-TENY

MDAT	Ministère de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire
OSC	Organisation de la Société Civile
PV	Procès Verbal
SLC	Structure Locale de Concertation
RIF	Rafitra Ifotony Fikaonan-doha

DIKAN-TENY

Arrêté	Didim-pitondrana
Délibération	Fanapahan-kevitra
Procès verbal	Fitanana an-tsoratra



00. FAMPIDIRANA

00. FAMPIDIRANA

Madagasikara dia efa niroso teo amin'ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana izay manome tandrifim-pahefana ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ka anisan'izany ny Kaominina. Ny tanjona dia ny hisian'ny fampandrosoana ifotony amin'ny alalan'ny fampandraisana andraikitra feno ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny fampandraisana anjara feno ireo olom-pirenena sy ny vondron'olona ifotony.

Ny andininy faha-15 ny lalàna fehizoro laharana 2014-018 ny 12 Septambra 2014 izay mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany manokana, dia mametraka fa ho fampiharana ny tandrifim-pahefana sy ny andraikitr'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia atao amin'ny alalan'ny fampandraisana anjara ny rehetra ary ao anatin'ny mangarahara tanteraka. Amin'izany, ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mametraka rafitra fikaonan-doha.

Nohamafisina tamin'ny didim-panjakana laharana 2015-957 ny 16 Jona 2015 ny fametrahana izany Rafitra Ifotony Fikaonan-doha izany.

Araka izany mba ho fanamafisana ny traikefan'ny Kaominina eo amin'ny fametrahana ny rafitra ifotony fikaonan-doha izany, ny Ministeran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny tany dia namoaka tari-dalana entina hanampiana ireo Ben'ny Tanàna.

Ankoatry ny fanofanana sy ny tan-tsoroka natao teo anivon'ny Kaominina mahakasika ny SLC dia novolavolaina ity tari-dalana ity izay atolotra ho an'ireo Ben'ny Tanàna, sy ny mpanolo-tsaina ka hanampy ary hanohana azy ireo amin'ny dingan'ny fikarakarana, fametrahana, ary ho fampandehanana ny SLC.


Ny tanjon’ity Tari-dalana ity dia mba ho tahirin-kevitra sy torolàlana ka hanampiana ireo Ben’ny Tanàna hiatrehany ny fampiroboroboana ny fanjakana tsara tantana ifotony ka mampisongadina ny fandraisana anjaran’ny rehetra eo amin’ny ady hevitra, fifampiresahana mba hahazoana tolo-kevitra entina manatsara ny fiainan’ny mponina.

Ity Tari-dalana ity dia manasongadina :

- Ny famaritana ankapobeny sy araky ny voalazan’ny lalàna mahakasika ny SLC.
- Ny dingana fametrahana sy fampandehanana ary ny fomba fiasan’ny SLC.
- Ny tombontsoa azo amin’ny fisian’ny SLC eo anivon’ny Kaominina.
- Ireo tsara ho fantatra sy ny fanamarihana mahakasika ny fitantanana fikaonan-doha ka ho tonga amin’ny tolo-kevitra eken’ny rehetra hamatsy ara-kevitra ireo tompon’andraikitra eo anivon’ny Kaominina.

Natao miavaka tsara ny dingan’asa tsirairay mba hahafahan’ny tompon’andraikitra tsirairay misafidy avy hatrany izay mety mahaliana sy mahakasika azy manokana.
Ny fitaovana ara-tsaina fampiasa mahakasika ny sora-draharaha sy ny amin’ireo fikaonan-doha samihafa dia voarakitra anatin’ny tahirin-kevitra tovana izay miaraka amin’ity Tari-dalana ity.





01.

FAMPAHATSIAHIVANA

01. FAMPAHATSIAHIVANA

ANJARA ASAN'NY
BEN'NY TANANA
MPANOLO-TSAINA
RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA

Raha ny Didy aman-dalàna manankery eto Madagasikara dia misy rafitra telo eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana :

- Ny rafitra Mpanatanteraka izay tarihin'ny Ben'ny Tanàna ;
- Ny rafitra mpanapa-kevitra izay ahitana ny Filan-kevitra ;
- Ny rafitra fakan-kevitra izay sahanin'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na ny SLC.

Tsara ny mitondra fampahatsiahivana mahakasika ny andraikitra sahanin'ny tsirairay avy eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba tsy hifanitsaka sy hazava tsara.

Rafitra	Andraikitra/Asa manan-danja indrindra	Fifandraisana amin'ny asa sy Fampandrosoana ny Kaominina
Ben'ny Tanàna	Lehiben'ny fitantanan-draharaha ny Kaominina Mpitantana ny mpiasa, ny vola, ny tany. Tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy. Solontenan'ny Kaominina. Mitondra ireo asa hotanterahina eo anivon'ny Kaominina mba ho tapahina sy ankatoavina (déliberation) eo anivon'ny Filan-kevitra	• Manatanteraka ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevitra. • Miara miasa amin'ny Filan-kevitra amin'ny lafiny tetibola sy ny fandaharam-potoana. • Filoha sy manohana ny RIF amin'ny maha toerana ifanakalozan-kevitra azy
Filankevitra Monisipaly/ Kaominaly	Sehatra fandraisana fanapahan-kevitra Mifehy ny fitantanan'ny Ben'ny Tanàna Mandany ny tetibola Manara-maso ny fampiharana ny fanapahan-kevitra Manana anjara toerana amin'ny fampihavanana	• Mandray fanapahan-kevitra momba ny raharahan'ny Kaominina. • Miara-miasa amin'ny Ben'ny Tanàna momba ny tetibola • Mpikambana ao amin'ny RIF • Mahazo ny tatitra avy amin'ny RIF
Rafitra Ifotony Fikaonan-doha (RIF)	Vondrona ifanakalozan-kevitra Manampy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny politika ho an'ny daholobe Mampiroborobo ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena Mampifanaraka ny asa rehetra	• Manome torohevitra sy sosokevitra ho an'ny fandraisana fanapahan-kevitra • Miantoka fandraisan'anjaran' ireo mpisehatra eo an-toerana amin'ny fampandrosoana • Mandray anjara amin'ny fampiraisana ny fiaraha-monina sy ny fitantanana tsara • Mitondra ny tatitry ny fivoriana fikaonan-doha eo anivon'ny rafitra mpanatanteraka sy mpanolotsaina eo anivon'ny Kaominina, eo anivon'ny kolejy misy azy tsirairay avy, ary eo anivon'ny vahoaka • Manao ny fizohiana ny fanatanterahana ny hevitra tapaka ary mitondra ny sosokevitra fanatsarana raha ilaina izany.

Raha fintinina :

- Ny Ben’ny Tanàna, amin’ny maha lehiben’ny fitantanana azy, dia mampihatra ny politika ary mitantana ny harena.


  BEN’NY TANANA = RAFITRA MPANATANTERAKA

- Ny Filan-kevitra mandray ny fanapahan-kevitra lehibe ary mifehy ny asan’ny Ben’ny Tanàna.

  FILAN-KEVITRA = RAFITRA MPANAPA-KEVITRA

- Ny RIF manamora ny fandraisana anjaran’ny vahoaka ary manoro hevitra ny rafitra hafa mba hiantohana ny fampandrosoana ny Kaominina izay mitambatra sy mirindra.

  RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA = RAFITRA FAKAN-KEVITRA



02.

INONA NO ATAO HOE SLC ?

- Famaritana
- Ny anjara asan’ny SLC
- Ny rafitry ny SLC
- Ny mpikambana
- Fepetra sy fomba fanendrena ireo mpikambana
- Fomba fanendrena ny vovonana na “noyau dur”

01.
INONA NO ATAO HOE SLC ?



FAMARITANA

Ny SLC dia rafitra avy amin’ny vondron’olona niainga sy voafidin’ny vahoaka hikaon-doha, hiady hevitra, momba ny fampandrosoana ny Kaominina izay tarihin’ny Ben’ny Tanàna. Marihina fa ireo vondron’olona ireo dia Sampandraharaham-panjakana samihafa eo an-toerana, Sehatra tsy miankina, vondron’ny fiarahamonim-pirenena, mpanao politika, mpandraharaha, fikambanam-behivavy sy ny tanora, sns.

Didim-panjakana 2015-957, And. 3 : Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia sehatra fifampiresahana sy fakan- kevitra ary fikaonan-doha ahafahana mampandray anjara feno ireo mpisehatra eo amin’ny fampandrosoana na miankina amin’ny Fanjakana na ny sehatra tsy miankina. Io rafitra ifotony fikaonan-doha io dia fitaovana manampy amin’ny famaritana, ny fitarihan-dalana, amin’ny fombafomba fanatanterahana sy fanaraha-maso ary fanombanana ny politikan’ny Vondrombahoaka.


NY ANJARA ASAN'NY SLC
(Didim-panjakana 2015-957, and. 4)

- Fakan-kevitra ahazoana sosokevitra. Ho fanomanana ny fanapahana sy ny fanapahan-kevitra.
- Fampahafantarana, fandraisana anjara amin'ny asa ataon'ny Vondrombahoaka.

Izany sosokevitra izany dia mahakasika :

- seha-pitantanana eo anivon'ny Kaominina
- fitantanan-draharaha
- fitantanam-bola
- famolavolana, fanatanterahana, fanaraha-maso sy tomban'ezaky ny drafitra fampandrosoana
- tolo-draharaha (na servisy omena ny mponina)

NY RAFITRY NY SLC
(Didim-panjakana 2015-957, and. 8)



NY MPIKAMBANA



Ny **filoha mpitarika** dia ny BEN'NY TANANA

Ny **mpikambana** dia solontenan'ny :



- rafitra mpanatanteraky ny Vondrombahoaka
- rafitra mpanapa-kevitry ny Vondrombahoaka
- sampandraharaham-panjakana anapariaham-pitondrana izay misy ao amin'ilay Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana
- mpandraharaha ara-toekarena
- fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena
- Raiamandreny sy ny mpitarika ara-drazana
- antoko sy fikambanana ara-politika eo an-toerana
- fikambanam-behivavy, ny fikambanan'ny tanora sy ny vondron'olona marefo
- sehatra fikaonan-doha efa misy

Ho fanamorana ny fomba fiasa eo anivon'ny SLC dia :

- Mametraka ny Vovonana na "noyau dur" ny SLC : izy ireo dia fidin'ireo mpikambana eo anivon'ny SLC.
  Na
- Mametraka Vaomiera isan-karazany toy ny vaomieran'ny fahasalamana, fanabeazana, rano fisotro madio, fandriampahalemana.

Nahoana no atsangana eo anivon’ny SLC ny :

- **Vovonana na “Noyau dur”**
  Ny traikefa azo tamin’ny fametrahana sy fampandehanana ny SLC, sy araky ny zava-misy isaky ny Kaominina no nahafantarana fa sarotra ho an’ny Kaominina ny hanatanteraka fivoriambe ho an’ireo mpisehatra.
  Eo ihany koa ny fahasarotan’ny fanetsehana ireo mponina hamonjy fivoriana noho ny anton-draharahany andavanandro tsy ahafaha-manoatra, ny fahalaviran’ny Fokontany sy ny Kaominina.
  Ny vovonana dia safidin’ny mpikambana ao amin’ny SLC.

- **Vaomiera**
  Ny Kaominina dia manana tandrifim-pahefana eo amin’ny sehatra maro isan-karazany toy ny : fahasalamana, fampianarana, fandriampahalemana, tontolo iainana, fanorenana fotodrafitrasa, rano, fidiovana sy fanadiovana.



FEPETRA SY NY FOMBA FANENDRENA IREO MPIKAMBANA

Fepetra fanendrena ny mpikambana :

- Atao amin’ny fomba mangaraharaha, fantatry ny rehetra, lany amin’ny teny ierana, tsy mitanila, tsy misy resa-pianakaviana na finamanana ny fomba hanendrena mpikambana ny SLC.
- Ny mpikambana dia solontena avy amin’ny vondrona na Kolejy.
- Ny solontena ho mpikambana dia nahazoana fankatoavana avy amin’ny Kolejy amin’ny alalan’ny PV fanendrena ary manaraka ny voalazan’ny fanapahana ataon’ny Mpanolo-tsaina Kaominaly sy ny didim-pitondrana avy amin’ny Ben’ny Tanàna.

Fepetra takiana raha te ho mpikambana :

- Mahafantatra, mahafehy ny zava-misy, ny tsindrin’ny olana, toe-piainan’ny mponina, ny fomba amam-panao eo anivon’ny fiaraha-monina.
- Manana fahavononana hifampiresaka, hifanakalo hevitra.
- Misolo tena, mitondra tenin’ny vondrona na Kolejy nanendry azy.

Anjara andraikitry ny Kolejy

- Manolotra ireo solontenany ho mpikambana ao amin’ny SLC, izany fanolorana izany dia voarakitra amin’ny alalan’ny fitanana an-tsoratra na PV.
- Manome sosokevitra ireo solontenany ao amin’ny SLC mba hodinihina sy hanaovana fikaonan-doha.
- Mandray ireo dika mitovy ny sosokevitra nahazoana teny ierana teo amin’ny SLC.


Anjara andraikitry ny Vovonana


- Manao fifampidinihana mialoha eo anivon’ny tompon’andraikitra mpanatanteraka sy mpanolo-tsaina ao amin’ny Kaominina.
- Manamora ny fanetsehana ireo ankolafin-kery mpisehatra eny amin’ny Fokontany.
- Manampy ny mpikambana ao amin’ny SLC hahafantatra ny fandaminana atao amin’ny tontolo manodidina azy : fifandraisan’ny samy mpisehatra, fampiasana ireo fotodrafitr’asa…
- Mametraka fomba hahafahana manangona ny hetaheta na sosokevitra avy amin’ny mpikambana ao amin’ny SLC.
- Manao tatitra eo anivon’ny mpikambana ao amin’ny SLC ireo vokatry ny fifampidinihana.
- Manasongadina ny toe-java-misy marina eny ifotony.

Anjara andraikitry ny Vaomiera

- Hifampidinika manokana ny zava-misy isaky ny sehatra ka hanome sosokevitra mifanaraka amin’izany.
- Ny sosokevitra avy amin’ny vaomiera dia entina eo amin’ny mpikambana SLC mba hahazoana fankatoavana mifanaraka amin’ny hetahetan’ny mponina.

FOMBA FANENDRENA NY VOVONANA NA “NOYAU DUR”





03.
FAMETRAHANA SY FAMPANDEHANANA NY SLC

- Dingana amin’ny fametrahana ny rafitra SLC
- Tondro manamarina ny fitsanganan’ny SLC
- Dingana fampandehanana ny SLC
- Tondro manamarina ny fampandehanana ny SLC

03. FAMETRAHANA SY FAMPANDEHANANA NY SLC

DINGANA AMIN'NY FAMETRAHANA NY RAFITRA SLC

DINGANA ARAHANA AMIN'NY FAMETRAHANA SLC

Dingana 1
Fihaonana amin'ny tompon' andraikitra eo anivon'ny Kaominina. Famaritana kolejy

Dingana 2
Famoahana "délibération" sy "arrêté" hametrahana SLC

Dingana 3
Fampahafantarana ny mponina sy ny Fokontany ny fisian'ny SLC

Dingana 4
Fanendrena solontenan'ny kolejy ho ao amin'ny SLC

Dingana 5
Famoahana didim-pitondrana fanendrena ny mpikambana

Tompon'andraikitra	Asa atao	Vokatra azo
I. DINGANA FANOMANANA		
Ben'ny Tanàna 	• Fifampiresahana eo amin'ny lehiben'ny mpanatanteraka sy ny mpiara-miasa aminy. • Fampahafantarana sy fifandresen-dahatra eo amin'ny samy mpanatanteraka sy ny mpanolo-tsaina. • Fitrandrahana sy famaritana ireo vondrona misy eo anivon'ny Kaominina. • Fanoritsoritana ny bokin'andraikitry ny solontena avy amin'ny Kolejy.	• Resy lahatra sy vonona amin'ny hametrahana ny SLC. • Mazava ny dingana hametrahana ny SLC. • Fitanana an-tsoratra ny fivoriana. • Lisitry ny vondrona voafaritra. • Bokin'andraikitra ny solontena avy amin'ny Kolejy.
• Resahina avy hatrany eto ny mahakasika ny SLC, ny anjara asany, ny andraikiny • Ny tombontsoa hametrahana ny SLC. • Fanamarihana ihany koa ny fisarahan'asa tanteraka eo amin'ny SLC sy ny filan-kevitra na mpanolo-tsaina Kaominaly. • Fandrafetana ny PV ny fifampiresahana izay entina eo amin'ny fivorian'ny mpanolo-tsaina.		



Tompon'andraikitra	Asa atao	Vokatra azo
II. DINGANA FANDRAISAN'NY MPANOLO-TSAINA NY FANAPAHANA		
Mpanolo-tsaina	Mandritry ny fivoriana : • Mitondra fanazavana ny lehiben'ny mpanatanteraka mahakasika ny SLC sy ny tombontsoa azo avy aminy. • Miroso amin'ny ady hevitra sy fifanankalozana. • Mandray fanapahana (délibération) ny mpanolo-tsaina. • Voasoritra ao anatin'ny fanapahana : - Ny vondrona voafaritra. - Ny isan'ny solontenan'ny vondrona ho mpikambana ao amin'ny SLC. <u>Ohatra :</u> Vondrona fikambanam-behivavy manana solontena roa.	• Raiketina ao anaty boky fitanana an-tsoratry ny mpanolo-tsaina ny fanapahana ary aseho ho fantatry ny mponina amin'ny alalan'ny peta-drindrina. • PV ny mpanolo-tsaina. • Fanapahana (délibération).
• Manaraka ny ara-dalàna ny fampiantsoana fivoriana ny mpanolo-tsaina. • Misy ny taratasy fampiantsoana misy lahadinika. • Misy ny fitanana an-tsoratra, firaiketana ao anaty rejisitra. • Ny fanapahana noraisina dia ataon'ny Ben'ny Tanàna peta-drindrina ary alefa eny amin'ny Distrika atao "contrôle de légalité".		



<table>
<tr><th>Tompon’andraikitra</th><th>Asa atao</th><th>Vokatra azo</th></tr>
<tr><td colspan="3">III. DINGANA FANDRAISAN’NY BEN’NY TANÀNA DIDIM-PITONDRANA NA ARRÊTÉ SY FAMPAHAFANTARANA NY MPONINA</td></tr>
<tr><td rowspan="2">Ben’ny Tanàna
</td><td>• Aorian’ny fanapahana nataon’ny mpanolo-tsaina dia miroso amin’ny famoahana didim-pitondrana ny lehiben’ny mpanatanteraka.</td><td>• Arrêté na didim-pitondrana fametrahana ny SLC.</td></tr>
<tr><td>• Miroso amin’ny fampahafantarana ny mponina amin’ny alalan’ny peta-drindrina na KOKA ny Kaominina.
• Mandefa ny sora-draharaha (fanapahan’ny mpanolo-tsaina sy ny didim-pitondran’ny lehiben’ny mpanatanteraka) eo anivon’ny Distrika mba hanaovana ny “contrôle de légalité”.</td><td>• Peta-drindrina.</td></tr>
<tr><td colspan="3">• Ny Ben’ny Tanàna no miandraikitra ny fandefasana ny fanapahana sy ny didim-pitondrana any amin’ny Distrika hanaovana ny “contrôle de légalité”.
• Mampahafantatra amin’ny alalan’ny peta-drindrina na KOKA.
• Atao dika 3 mitovy : ny iray atao peta-drindrina, ny iray atao arsiva, ny iray dia alefa hatao “contrôle de legalité”.</td></tr>
</table>




Tompon'andraikitra	Asa atao	Vokatra azo
IV. DINGANA FANENTANANA, FANETSEHANA NY MPONINA, VONDRONA, FANENDRENA SOLONTENAN'NY VONDRONA		
Ben'ny Tanàna sy ny ekipany ary ny Sefo Fokontany	• Fanetsehana sy fanentanana tarihin'ny Ben'ny Tanàna sy ny mpiara-miasa aminy. • Fanambarana ampahibemaso ny fahavononana sy ny fanapahan-kevitry ny Kaominina fa hiroso amin'ny fametrahana ny rafitra ifotony fikaonan-doha SLC. • Fampahafantarana amin'ny fomba rehetra mahakasika ny SLC (anjara asan'ireo kolejy handrafitra azy). • Fanetsehana ny olona rehetra hiditra amin'ireo vondrona (Kolejy) samihafa voafaritra ao anatin'ny fanapahana sy ny didim-pitondrana. • Fitarihana sy fanoroana amin'ny fanendrena ny solontena avy amin'ny kolejy ho mpikambana ao amin'ny SLC.	• Mponina mahafantatra ny fitsanganan'ny SLC. • Kolejy voahetsika. • Solontenan'ny Kolejy voatendry amin'ny alalan'ny PV.
• Ny Sefo Fokontany dia miaraka manao fanentanana sy fanetsehana amin'ny Ben'ny Tanàna sy ny mpiara-miasa aminy.		



Tompon'andraikitra	Asa atao	Vokatra azo
V. DINGANA FANENDRENA NY SOLONTENAN'NY VONDRONA HO MPIKAMBANA AO AMIN'NY SLC		
Ben'ny Tanàna sy ny ekipany, ary ny KOLEJY	• Fifampiresahana eo amin'ny samy Kolejy. • Fijerena miaraka ny fanapahan-kevitra avy eo amin'ny Kaominina. • Fampahafantarana ny andraikitra miandry ny solontenan'ny Kolejy hiditra ao amin'ny SLC. • Fifidianana solontena araky ny isa voalaza ao anatin'ny fanapahana sy ny didim-pitondrana avy amin'ny Kaominina. • Fanendrena solontena. • Firaiketana an-tsoratra ny fizotran'ny fikaonan-doha isaky ny Kolejy.	• Solontena avy amin'ny Kolejy lany tamin'ny fomba mangarahara, neken'ny rehetra. • PV manendry ny solontenan'ny Kolejy.
• Ny solontena avy amin'ny Kolejy ho mpikambana ao amin'ny SLC dia olona nahazo fankatoavana avy amin'ny mpikambana, vonona, afaka ny handray anjara amin'ny fifampiresahana sy ady hevitra, mitondra ny tolo-kevitra avy amin'ny Kolejy, tsy mikatsaka tombontsoa manokana, tsy mandray karama na tambin-karama.		




Tompon'andraikitra	Asa atao	Vokatra azo
VI. DINGANA FAMOAHAN'NY BEN'NY TANANA ARRETE NA DIDIM-PITONDRANA FANENDRENA NY SOLONTENAN'NY KOLEJY HO MPIKAMBANA AO AMIN'NY SLC		
Ben'ny Tanàna 	• Aorian'ny fivoriana isaky ny Kolejy dia atolotra ny Ben'ny Tanàna ny PV avy amin'ny Kolejy isan-tsokajiny. • Miroso amin'ny famoahana didim-pitondrana fanendrena ny mpikambana ao amin'ny SLC ny Ben'ny Tanàna. • Ampahafantarina ny besinimaro amin'ny alalan'ny peta-drindrina ny didim-pitondrana manendry ny mpikambana rehetra ao amin'ny SLC. • Ampitain'ny Ben'ny Tanàna isaky ny Kolejy ny didim-pitondrana fanendrena mba ho fampahafantarana isaky ny solontena.	• Didim-pitondrana fanendrena. • Mpikambana nahazo fanendrena.
• Ny Fokontany dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny SLC, anisan'ny tafiditra ao anaty didim-pitondrana fanendrena ireo mpikambana izy amin'izany.		



TONDRO MANAMARINA NY FITSANGANAN'NY SLC

- Délibération na fanapahana.
- Arrêté fametrahana avy amin'ny Ben'ny Tanàna.
- PV fanolorana avy amin'ny Kolejy.
- Arrêté avy amin'ny Ben'ny Tanàna fanendrena ny mpikambana.
- Mpikambana nahazo fampahafantarana fanendrena.



DINGANA FAMPANDEHANANA NY SLC

Aorian’ny fanendrena amin’ny alalan’ny didim-pitondran’ny Ben’ny Tanàna sy fampahafantarana ny mpikambana dia miroso avy hatrany amin’ny fivoriana voalohany ireo mpikambana amin’ny SLC.

Ny fampandehanana ny SLC dia hita maneho ireto :

- Ny fisian’ny drafitr’asa manamora ny famaritana ny lahadiniky ny fikaonan-doha.
- Ny fandraisana anjara eo amin’ny dingan’ny fampandrosoana (tolo-kevitra eo amin’ny famolavolana, fanatanterahana, fizohiana, tomban’ezaka).
- Ny fandraisana anjara eo amin’ny fanaraha-maso ny raharaha ifotony, tolo-draharaha omen’ny Kaominina.
- Ny fanapahan-kevitra raisina eo amin’ny tompon’andraikitra dia nialohavan’ny tolo-kevitry ny SLC.

Tompon'andraikitra	Asa atao	Vokatra azo
I. DINGANA FAMORIANA VOALOHANY NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY SLC		
Ben'ny Tanàna 	• Fampahafantarana ny mpikambana nahazo fanendrena tamin'ny didim-pitondrana. • Firesahana mahakasika ny tontolo manodidina ny SLC, ny iraka, ny anjara asa. • Ny toetra tokony hananan'ny mpikambana. • Ny fomba fiasa eo anivon'ny SLC.	• Mifankafantatra ny mpikambana. • PV mirakitra ny fivoriana voalohany. • Drafitr'asa mirakitra ireo asa ho ataon'ny SLC nahazoana fankatoavana avy amin'ny mpikambana.
• Marihina fa ny drafitr'asa dia mamaritra ireo asa hifampidinihana sy hikaonan-doha izay hanolorana sosokevitra ho amin'ny fivoriana manaraka.		



TONDRO MANAMARINA NY FAMPANDEHANANA NY SLC



- Manana fitsipika anatiny.
- Manana drafitr'asa.
- Voasoratra ao anaty teti-bolan'ny Kaominina ny fampandehanan-draharahany.
- Fitanana an-tsoratra ny tolo-kevitra.



04. FOMBA FIASAN'NY SLC

04.
FOMBA FIASAN'NY SLC


FOMBA FIASAN'NY SLC

Mampiaina ny fifampiresahana, fifampidinihana, fifanakalozan-kevitra, mamelona ady hevitra eo amin'ny samy olom-pirenena, ary MANOLO-KEVITRA mahakasika ny raharaham-bahoaka ifotony, tetibola, ny fampandrosoana, ny politikam-pitondrana amin'ny alalan'ny FIVORIANA.

Ao anatin'ny fomba fiasan'ny SLC dia ilaina ny :

- Ny fitsipika anatiny.
- Ny Filoha mpitarika (Ben'ny Tanàna).
- Ny mpitan-tsoratry ny fivoriana.
- Ny firaiketana an-tsoratra sy ny rejisitry ny tolo-kevitra
- Ny fomba fanovana mpikambana.

Didim-panjakana 2015-957
And. 15 : Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia mivory rehefa antsoin'ny Filohany, na amin'ny alalan'ny fangatahan'ny iray ampahatelon'ny mpikambana farafahakeliny.
And. 16. Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia afaka mivory na firy na firy ny isan'ny mpikambana tonga mivory.
And. 18. Ny fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy soniavin'ny Filoha sy ny mpampaka-teny ary ny mpitan-tsoratry ny fivoriana
And. 19. Ny fitanana an-tsoratra isaky ny fivorian'ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia tsy maintsy ampahafantarina ampahibemaso sy atao peta-drindrina eo amin'ny foiben'ny Vondrombahoaka.




05.
TOMBONTSOA AZO AVY AMIN'NY FAMETRAHANA NY SLC

05.
TOMBONTSOA AZO AVY AMIN'NY FAMETRAHANA NY SLC

TOMBONTSOA ENTIN'NY SLC


- Manatsara ny fifandraisana eo amin'ny Ben'ny Tanàna sy ny vahoaka.
- Hanome sosokevitra amin'ny famolavolana, fanatanterahana, fanaraha-maso, tomban'ezaka ny drafitra fampandrosoana PDLII.
- Hampiroboroboana ny fahaiza-mitantana (bonne gouvernance).
- Hanome sosokevitra eo amin'ny fanatsarana ny tolo-draharaha (servisy).
- Hanome sosokevitra hitondra vahaolana amin'ny olana miantraika amin'ny vahoaka.
- Hitondra sosokevitra ho amin'ny soa iombonana.



06.

FOMBA FITANTANANA FIKAONAN-DOHA

06.
FOMBA FITANTANANA FIKAONAN-DOHA





Mialohan’ny fikaonan-doha
(Ben’ny Tanàna sy ny mpiara-miasa aminy) :

- Mamaritra mialoha ny tanjon’ny fikaonan-doha.
- Fijerena ny drafitr’asa mba handaminana ny lahadinika.
- Fanadihadiana ny zava-misy : ara-tsosialy, ara-ekonomika.
- Fanadihadiana ny mpandray anjara.
- Fijerena ny raharaha ifotony (famoahana tetibola, famolavolana drafitr’asa, tolo-draharaha, IGL).
- Iza avy ireo mpandray anjara (ny mpikambana rehetra ve ? Sa ny vaomiera ? Sa ny "noyau dur" ?).
- Fanadihadiana ny mety ho olana mandritry ny fikaonan-doha.
- Famaritana ny vokatra andrasana aorian’ny fikaonan-doha.
- Fijerena ny toerana hivoriana, ny fitaovana ilaina.
- Fandefasana ny taratasy fanasana fivoriana.




Mandritry ny fikaonan-doha :

- Fotoam-panokafana.
- Fandraisan'ny Ben'ny Tanàna ny mpandray anjara.
- Fanisana mpandray anjara.
- Fotoana fampidirana ny fikaonan-doha.
- Fifampizarana tanjona.
- Famakiana sy faneken'ny rehetra ny lahadinika.
- Fifanarahana ny hitondrana ny fivoriana.
- Fotoam-pifantohana.
- Mampifantoka ny mpandray anjara amin'ny fikaonan-doha.
- Famelabelaran-kevitra.
- Fakan-kevitra.
- Fotoana hiadian-kevitra.
- Fifanakalozan-kevitra.
- Ady hevitra.
- Fifampidinihana.
- Fandraisana tolo-kevitra.
- Fotoam-pandravonana.
- Teny ierana.
- Fijerena laharam-pahamehana : TOLO-KEVITRA NEKEN'NY REHETRA.

Ny solontena avy ao amin'ny vovonana na Noyau Dur no mitondra ilay tolo-kevitra neken'ny rehetra eo anivon'ny tompon'andraikitra kaominaly

Aorian’ny fikaonan-doha

- Fandravonana ny fizotran’ny fivoriana.
- Firaiketana an-tsoratra ny fizotran’ny fivoriana (soratana ao anaty PV).
- Firaiketana an-tsoratra ny tolo-kevitra izay ho aroso amin’ny Mpanolo-tsaina ka handraisana fanapahan-kevitra.
- Fanaovana sonia ny PV sy ny TOLO-KEVITRA.
- Fanolorana ny Ben’ny Tanàna ny firaiketana an-tsoratra ny tolo-kevitra.
- Fampahafantarana amin’ny vahoaka amin’ny alalan’ny peta-drindrina.
- Tatitra ataon’ny mpikambana amin’ny Kolejy niaviany.
- Firaiketana ao amin’ny rejisitra tolo-kevitra.



07.

FANAMARIHANA SY TSARA HO FANTATRA

- Fanamarihana
- Tsara ho fantatra

07. FANAMARIHANA SY TSARA HO FANTATRA

FANAMARIHANA

Marihina fa ny SLC dia :

- Tsy manapa-kevitra fa manome sosokevitra
- Tsy manao ny asan’ny filan-kevitra
- Tsy mibaiko ny mpanatanteraka.
- Tsy misy rafitra antanan-tohatra.
- Mametraka ny “fizakan-tena ara-pitantanana, ara-bola” ny Kaominina.

TSARA HO FATATRA

Tsara ho fantatra 1 :

- Ilaina ny manana fitsipika anatiny (règlement intérieur).
- Manana rejisitra fitanana an-tsoratry ny fivoriana (rangopohy sy laharana avy amin’ny filoha).
- Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia afaka miantso manam-pahaizana manokana izay ilaina amin’ny alalan’ny Filoha sy ny mpikambana toy ny mpiara-miombon’antoka ara-teknika sy ara-bola, ny tetik’asa/fandaharan’asa ary ny ivotoeram-pikarohana.
- Ny tolo-kevitra voarakitra ao anatin’ny fitanana an-tsoratry ny fivorian’ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia manana endrika fitarihan-dàlana.

Tsara ho fantatra 2 :

- Ny andraikitra maha-mpikambana amin’ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia maimaimpoana ary tsy andraisan-karama.
- Ny fandaniana amin’ny fampandehanana ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia zakain’ny tetibolan’ny Vondrombahoaka.
- Ireo solontena avy amin’ny vondrona dia maka hevitra avy amin’ny vondrona mialohan’ny fivoriana, manao tatitra aorian’ny fivoriana.

Tsara ho fantatra 3 :

Atao araky ny laharam-pahamehana ny sosokevitra avy amin'ny SLC izay voarakitra ao anatin'ny rejisitry ny sosokevitra.

Noho izany, misy fanontaniana apetraka mialohan'ny fanapahana mahakasika ny sosokevitra.

- Moa ve tafiditra amin'ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina ?
- Moa ve sosokevitra misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny mponina ?

Raha toa ka hisy fandaniam-bola izany sosokevitra izany dia ilaina ny fanadihadiana ny sandany sy ny fisian'ny vola hanatanterahana azy.

Anjaran'ny Ben'ny Tanàna no mitondra fanazavana ny sosokevitra tsy nandraisana fanapahana na fanapahan-kevitra.

Tsara ho fantatra 4 :

Eo amin'ny fahabangan-toeran'ny mpikambana.

Tranga 1 : Raha toa ka misy fahabangan-toerana eo amin'ny mpikambana (maty, nametra-pialana na noesorina noho ny antony maro samihafa :

Dia manolotra ny solony amin'ny alalan'ny PV vaovao ny kolejy voakasika amin'izany.

Anjaran'ny Ben'ny Tanàna no manova ny didim-pitondrana nanendrena hampidirana ny mpikambana vaovao.

Tranga 2 : Raha toa ka misy kolejy vaovao hiditra ao amin'ny SLC :

Dia miantso fivoriana tsy ara-potoana ny filan-kevitry ny Ben'ny Tanàna mba hanovana ny fanapahana nametrahana ny SLC.

Manolotra ny solontenany amin'ny alalan'ny PV fanolorana io Kolejy vaovao io.

Manao didim-pitondrana mifanaraka amin'izany ny Ben'ny Tanàna.



08. FAMARANANA

08. FAMARANANA

Ny fametrahana ny SLC dia miantomboka amin'ny fankatoavan'ny mpanolo-tsaina amin'ny alalan'ny famoahana ny fanapahana (délibération), arahin'ny didim-pitondran'ny Ben'ny Tanàna, araky ny voalazan'izany fanapahana sy didim-pitondrana izany dia manolotra ny solontenany ho mpikambana ao amin'ny SLC ireo kolejy na vondrona, ny didim-pitondrana fanendrena ireo mpikambana no manamafy ny fijoroan'ny SLC eo anivon'ny Kaominina.

Manana anjara asa mampiavaka azy ny SLC dia fandraisana SOSOKEVITRA NA TOLO-KEVITRA raisina ao anatin'ny FIVORIANA, FIKAONAN-DOHA, FIFAMPIRESAHANA ary aroso eo anivon'ny mpanolo-tsaina sy ny Ben'ny Tanàna handraisana ny fanapahan-kevitra.

Anisan'ny andraikitra lehibe sahanin'ny SLC ny fanolorana sosokevitra mandritry ny famolavolana, famoahana, fanatanterahana ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan'ny sehatra rehetra PDLII.

Mba ho fampandehanana ny SLC dia ilaina ny fananana ny fitsipika anatiny, ny drafitr'asa izay manoritsoritra ireo fotoam-pivoriana handraisana sosokevitra.

Manamora ny fomba fiasan'ny SLC ny fametrahana ny vovonana (noyau dur) na vaomiera isan-tsehatra (commission) toy ny fahasalamana, fampianarana, rano fisotro madio, tontolo iainana, fandriam-pahalemana,... arakaraky ny zava-misy eo an-toerana, hitarika ny fifampidinihana miaraka amin'ny mponina.

Afaka misitraka fiofanana ny SLC mba ho fanamafisana ny fahaiza-mitondra ny fifampidinihana.

Marihina fa ny SLC dia tsy manao ny asan'ny mpanolo-tsaina na ny asan'ny mpanatanteraka fa mitondra ny tenin'ny mponina amin'ny alalan'ny fifampiresahana.

Tsy handraisana karama na tambin-karama ny maha-mpikambana ny SLC eo anivon'ny Kaominina ary koa tsy hanararaotam-pahefana eo amin'ny fanjifana ny tolo-draharaha omen'ny Kaominina ny mponina.



09.
TOVANA

<u>TOVANA 1.</u> MAODELIN'NY TARATASY FIANTSOANA HO AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY FILAN-KEVITRA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA …….
KAOMININA …….

[Toeran'ny Kaominina], ny ……..

Ny Filohan'ny Filan-kevitra

N° ……..

ho an'

ireo mpikambana rehetra ao amin'ny
Filan-kevitry ny Kaominina ambanivohitra ……..
- [Adiresin'ny tsirairay] -

<u>Antony</u> **:** Fiantsoana ho amin'ny fotoam-pivoriana (ara-potoanan'ny na tsy ara-potoana) Filan-kevitra

Ho fampiharana ireo fepetra entin'ny andininy 85 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, dia voninahitra ho ahy ny manasa anao hanatrika ny fotoam-pivoriana (ara-potoanan'ny na tsy ara-potoana) ny Filan-kevitra izay hatao ny …… **(daty/volana/taona)** hatramin'ny …… ao amin'ny efitrano fivorian'ny Filan-kevitra.

Ny lahadiniky ny fotoam-pivoriana dia mikasika ireto teboka manaraka ireto :

1. *Fametrahana ny rafitra ifotony fikaonan-doha :*

⇒ Miangavy anao aho mba hamerina amiko mialoha ny …… **(daty/volana/taona)** ny tapakila fanamarinam-paharaisana izao taratasy fiantsoana izao ary,
⇒ Raha toa ka misy ny tsy fahafahanao manatrika ny fotoam-pivoriana ka irinao ny hanome fahefana mpikambana iray hafa mba hifidy amin'ny anaranao, dia averina sy fenoina tsara ihany koa ny tapakila fanomezam-pahefana atovana amin'izao taratasy izao.

Ny Filoha filan-kevitra,

Sonia

[Anarana sy fanampiny]

<u>Dika mitovy ho an'ny</u> :
Andriamatoa/Ramatoa …… [Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana]
« Ho fampahafantarana »

FANAMARIHANA :
Ny fotoam-pivoriana handraisana fanapahana ho fametrahana ny SLC dia mety ho mifanojo amin'ny fivoriana ara-potoana voalohany na faharoa, noho izany dia atao lahadinika samihafa eo amin'ny lahadinika voafaritra eo amin'ireo fivoriana ara-potoana ireo izany.

<u>TOVANA 2.</u> MAODELIN'NY TARATASY FANAMARINAM-PANDRAISANA NY TARATASY FIANTSOANA FIVORIANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA ……..
KAOMININA …….

TAPAKILA FANAMARINAM-PANDRAISANA

Izaho **……. (anaran'ny mpanolo-tsaina)**, izay manao sonia etsy ambany dia manamarina fa naharay ny taratasy fanaikàna ho amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoanan'ny Filan-kevitra izay hatao ny ……. hatramin'ny …….

[Fanondroana ny Kaominina na ny toeram-ponenana, ny ……..……..

Daty naharaisana taratasy fiantsoana …… [Sonia]

Anarana sy fanampiny

FANAMARIHANA :
Eo amin'ny fotoana handraisan'ny mpanolo-tsaina ny taratasy fiantsoana fivoriana dia manao sonia ity taratasy fanamarinam-pandraisana ity izy.
Soratana ny daty nandraisana ny taratasy fiantsoana ary manao sonia ho fanamarinana izany.

<u>TOVANA 3.</u> MAODELIN'NY TARATASY FANOMEZANA FAHEFANA HISOLO TENA RAHA TOA KA TSY AFAKA HANATRIKA FIVORIANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA ……..
KAOMININA …….

TAPAKILA FANOMEZAM-PAHEFANA

Izaho **…….. (anaran'ny mpanolo-tsaina),** izay manao sonia etsy ambany, dia manome fahefana an'Andriamatoa/Ramatoa……, hisolo tena ahy ary hifidy amin'ny toerako mandritry ny fotoam-pivoriana ara-potoanan'ny Filan-kevitra izay hatao ny …… hatramin'ny ……

[Fanondroana ny Kaominina na ny toeram-ponenana, ny ……..……..

[Sonia]

FANAMARIHANA :

- ⇒ Raha toa ka misy tsy fahafahan'ny mpanolo-tsaina hanatrika ny fivoriana dia manome fahefana ny mpanolo-tsaina hafa izy hisolo tena azy mandritry ny fotoam-pivoriana
- ⇒ Atao mazava tsara ny anaran'ny mpanolo-tsaina hisolo tena azy

<u>TOVANA 4.</u> MAODELIN'NY DIDIM-PITONDRANA (FAMETRAHANA SLC)
AVY AMIN'NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA NA BEN'NY TANANA (MAIRE)

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA …….
KAOMININA …….

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-……/20….
Momba ny fametrahana ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eto amin'ny Kaominina …..

NY BEN'NY TANANA,

- Araky ny Lalàmpanorenana ;
- Araky ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 tamin'ny 12 Jolay 2015 mahakasika ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana,
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 amerana ireo anjara raharahan'ny Lehiben'ny Mpanatanterak'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- Araky ny didy tamin'ny ……. navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……. mikasika ny fanambarana ireo vokatra ofisialin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra tamin'ny …….
- Araky ny Fanapahana laharana …… tamin'ny …… momba ny "Fametrahana ny Rafitra ifotony fikaonan-doha" noraisin'ny Filan-kevitra kaominaly eto (anaran'ny kaominina).

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :

Andininy voalohany.- Mitsangana eto amin'ny Kaominina ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na Structure Locale de Concertation (SLC) manomboka ny datin'izao Didim-pitondrana izao.

Andininy 2.- Ferana ho (isa an-tsoratra sy tarehimarika) ny isan'ny Mpikambana ao anatin'io Rafitra Ifotony Fikaonan-doha io, solontena avy amin'ny kolejy miisa (isa an-tsoratra sy tarehimarika) izay lazaina manaraka ireto ny Kôlejy misy sy ny isan'ny solontenany tsirairay avy, ka tafiditra ao anatin'izany ireo solontenam-pokontany mpikambana avy hatrany araky ny Andininy faha 9 amin'ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 :

KOLEJY	Isan'ny Solontena
1. Mpanolo-tsaina	
2. Mpanatanteraka	
3. Sampandraharaham-panjakana	
4. Fiaraha-monim-pirenena	
5. Vondron'ny mpanao politika	
6. Fikambanam-behivavy	
7. Fikambanana tanora	
8. Fikambanan'ny tantsaha	
9. mpandraharaha ara-toekarena ;	
10. fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena ;	
11. Raiamandreny sy ny mpitarika ara-drazana ;	
12. vondron'olona marefo	
13. sehatra fikaonan-doha efa misy	
14. solontenan'ny Fokontany	

Andininy 3.- Ny fomba fandaminana, ny fomba fiasa ary ny fampandehanana ny SLC dia voarakitra ao anatin'ny fitsipika anatiny, izay ahazoana fankatoavana eo amin'ny mpikambana, amin'ny fotoam-pivoriana voalohan'ny SLC, mifanaraka amin'ny voalazan'ny didim-panjakana 2015-957.

Andininy 4.- Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana.

Andininy 5.- Foana ary tsy manankery intsony ireo fepetra rehetra mifanohitra amin'izao didim-pitondrana izao izay raketina an-tsoratra.

Natao tao ……..…….., ny ……

Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

<u>TOVANA 5.</u> MAODELIN'NY FANAPAHANA (FAMETRAHANA SLC) AVY AMIN'NY MPANOLO-TSAINA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA …….
KAOMININA …….

FANAPAHANA LAHARANA FAHA- (lahara-mifanjohy/taona)
FAMETRAHANA NY RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA

Isan'ireo Mpanolo-tsaina : …… (…)

Isan'ireo Mpanolo-tsaina nanatrika : … (…) :

Andriamatoa/Ramatoa …….

Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika : … (…)

Andriamatoa/Ramatoa …….

Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny :

Andriamatoa/Ramatoa …….

Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika sady tsy nahatonga fialan-tsiny :

Andriamatoa/Ramatoa …….

Isan'ireo Mpanolo-tsaina nahazo fanomezam-pahefana : … (….)

Andriamatoa/Ramatoa……. nomen'Andriamatoa/Ramatoa ……. fahefana

Ny …….. **[daty atao an-tsoratra]** tamin'ny …….. ora, ny Filan-kevitra nivory (ara-potoana na tsy ara-potoana), noho ny fiantsoana nataon'ny Filohan'ny Filan-kevitra an-taratasy ny vaninandron'ny …… **(daty nandefasana ny taratasy fiantsoana)** dia nivory (ara-potoana na tsy ara-potoana) tao amin'ny biraon'ny Kaominina **(anaran'ny Kaominina)** teo ambany fitarihan'Andriamatoa (anaran'ny filohan'ny filan-kevitra).

Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna mba hahafahana mandray fanapahana,

- Araky ny Lalàmpanorenana ;
- Araky ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 tamin'ny 12 Jolay 2015 mahakasika ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana,
- Araky ny didy tamin'ny ……. navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao …….. anaovana fanambarana ireo vokatry ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra tamin'ny …….

- Rehefa hita sy heno ny fanazavana nataon'ny Ben'ny Tanàna mahakasika ny rafitra ifotony fikaonan-doha;
- Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha……

Ny Filan-kevitra (kaominaly/monisipaly), rehefa avy nanapaka,

Andininy voalohany.- Mankatoa ny fametrahana ny rafitra ifotony fikaonan-doha (SLC) .

Ny SLC dia rafitra mampandray anjara ireo mpisehatra rehetra mba hifampiresaka , hifanakalo hevitra , hikaon-doha ka hitondra sosokevitra mahakasika ny fitantanana sy ny raharaha rehetra eo anivon'ny Kaominina ary indrindra fa ny dingan'ny fampandrosoana ifotony.

Andininy 2.- Araky ny andininy faha-8 ao amin'ny Didim-panjakana 2015-957 tamin'ny 16 jona 2015 : ny SLC dia ahitana mpikambana miisa (isan'ny mpikambana), solontena avy amin'ny Kolejy (vondrona) izay noferana toy izao :

KOLEJY	Isan'ny Solontena
1. Mpanolo-tsaina	
2. Mpanatanteraka	
3. Sampandraharaham-panjakana	
4. Fiaraha-monim-pirenena	
5. Vondron'ny mpanao politika	
6. Fikambanam-behivavy	
7. Fikambanana tanora	
8. Fikambanan'ny tantsaha	
9. Mpandraharaha ara-toekarena	
10. Fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena	
11. Raiamandreny sy ny mpitarika ara-drazana	
12. Vondron'olona marefo	
13. Sehatra fikaonan-doha efa misy	
14. Solontenan'ny Fokontany	

Andininy 3.- Ny fomba fandaminana, ny fomba fiasa ary ny fampandehanana ny SLC dia voarakitra ao anatin'ny fitsipika anatiny izay ahazoana fankatoavana eo amin'ny mpikambana, mifanaraka amin'ny voalazan'ny didim-panjakana 2015-957.

Andininy 4.- Mampiandraikitra ny Ben'ny Tanàna ny fampahafantarana ny besinimaro, ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato……. nitsipaka sy vato……. fotsy.

Natao tao ……., ny ……

Ny Filohan'ny Filan-kevitra,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ny Mpampaka-teny,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ireo mpikambana,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny

<u>TOVANA 6.</u> MAODELIN'NY PV FANOLORANA NY SOLONTENA AVY AMIN'NY KOLEJY

KAOMININA AMBANIVOHITRA :

KOLEJY NA VONDRONA :

FITANANA AN-TSORATRA LAHARANA FAHA- ……

MANOLOTRA IREO SOLONTENA AVY AMIN'NY KOLEJY HO MPIKAMBANA AO AMIN'NY SLC

Tamin'ny (daty …..... ora .....) dia nivory ireo mpikambana ao amin'ny Vondrona (Kolejy) ..... amin'ny Kaominina araky ny fampiantsoana laharana faha-..... tamin'ny …….

Araky ny didim-pitondrana laharana …… avy amin'ny Ben'ny Tanàna ny ……

Araky ny teny ierana sy fankatoavana avy amin'ny mpikambana ny Kolejy (anaran'ny kolejy) dia ireto anarana voalaza ireto no atolotry ny Kolejy ho mpikambana ao amin'ny SLC eto amin'ny Kaominina:

N°	Anarana sy Fanampiny	N° CIN – Daty sy toerana nanaovana azy – Duplicata	Adiresy sy Telefaonina

Nitarika ny fivoriana :

Nitantsoratra :

Isan'ny mpivory :

Ny Mpitantsoratra ***Ny Mpitarika fivoriana***

- **Ampiarahina :** Fiche de présence

Natao tao……., ny ……..

Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

TOVANA 7. MAODELIN'NY DIDIM-PITONDRANA MANENDRY NY MPIKAMBANA AVY AMIN'NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA NA BEN'NY TANANA (MAIRE)

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA ……..
KAOMININA …….

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-……/20….
Manendry ny mpikambana eo amin'ny rafitra ifotony fikaonan-doha eto amin'ny Kaominina……

NY BEN'NY TANANA,

- Araky ny Lalàmpanorenana ;
- Araky ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 tamin'ny 12 Jolay 2015 mahakasika ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana,
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 amerana ireo anjara raharahan'ny Lehiben'ny Mpanatanterak'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- Araky ny didy tamin'ny ……. navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao …….. mikasika ny fanambarana ireo vokatra ofisialin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra tamin'ny ……
- Araky ny didim-pitondrana laharana …… tamin'ny …… momba ny "Fametrahana ny Rafitra ifotony fikaonan-doha".
- Araky ny fitanana an-tsoratra avy amin-ny mambra kolejy tsirairay avy; manolotra ny solontenany ho mpikambana ao amin'ny SLC.

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :

Andininy voalohany.- Araky ny And. 12 voalazan'ny didim-panjakana 2015-957 tendrena ho mpikambana ao amin'ny rafitra ifotony fikaonan-doha eto amin'ny Kaominina (anarana kaominina) ireto olona voalaza anarana ireto

KOLEJY	Anaran'ny Solontena
1. Mpanolo-tsaina	1-Anarana sy fanampiny
2. Mpanatanteraka	
3. Sampandraharaham-panjakana	
4. Fiaraha-monim-pirenena	
5. Vondron'ny mpanao politika	
6. Fikambanam-behivavy	
7. Fikambanana tanora	
8. Fikambanan'ny tantsaha	
9. Mpandraharaha ara-toekarena	
10. Fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena	
11. Raiamandreny sy ny mpitarika ara-drazana	
12. Vondron'olona marefo	
13. Sehatra fikaonan-doha efa misy	
14. Solontenan'ny Fokontany	

Andininy 2.- Ny mpikambana ao amin'ny SLC dia tsy mandray karama na tambin-karama araky ny Andininy faha amin'ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957.

Andininy 3.- Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana ireo mpikambana voasoratra anarana, sy ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana.

Andininy 4.- Foana ary tsy manankery intsony ireo fepetra rehetra mifanohitra amin'izao didim-pitondrana izao izay raiketina an-tsoratra.

Natao tao …….., ny ……

Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

TOVANA 8. FOMBA FIASA EO AMIN'NY SLC NA RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA

FITANTANANA FIVORIAN'NY SLC :

- Fandraisana ny mpandray anjara
- Fisaorana amin'ny fandraisana anjaran'ireo mpifanakalo hevitra tonga manatrika ny fivoriana
- Fiarahabana
- Famakiana ny taratasy fialan-tsiny ho an'ny tsy tonga manatrika
- Famakiana ny famintinana ny PV teo aloha
- Famakiana ny tanjon'ny fivoriana
- Fampahafantarana sy fampatsiahivana ny lahadinika hifampiresahana sy hifampidinihana
- Fankatoavana ny lahadinika, fakan-kevitra raha toa ka misy hanampiana ny lahadinika toy ny samihafa
- Fametrahana ny fomba hitondrana ny fivoriana
  - Fanendrena mpitan-tsoratra
  - Fanendrena mpanamora izay mandrindra ny fandraisana fitenenana
  - Fomba fandraisana fitenenana
  - Fepetra raisina raha misy fihoarana

FIRAIKETANA AN-TSORATRA NA PV NY SLC :

Fitanana an-tsoratra ny fivorian'ny Rafitra ifotony fikaonan-doha na fifampidinihana na fifampiresahana

Laharana faha :

Kaominina :

Daty :

Toerana :

Tonga nanatrika :

Mpitarika ny fivoriana : ny Filoha : Ben'ny Tanàna

Mpitan-tsoratra :

Mpanamora :

Natao androany …… faha ……., teto amin'ny …….. ny fakan-kevitra, fifampidinihana, fifampiresahana, araky ny fampiantsoana fivoriana tamin'ny …… sy izao lahadinika manaraka izao :

-
-
-

NItondra teny fampidirana sy fiarahabana ny mpandray anjara ny Ben'ny Tanàna, Filoha mpitarika ny SLC.

Natomboka tamin'ny famakiana ny PV teo aloha ny fivoriana,

Niroso tamin'ny ady hevitra sy fifampiresahana araky ny lahadinika sy ny fankatoavana ny tolo-kevitra (ao anatin'ny ady hevitra sy ny fifanakalozana no handraisana ny tolo-kevitra).

Marihina fa ny tolo-kevitra eto dia mahakasika ny tolo-kevitra nodinihina araky ny lahadinika (ordre du jour).

Maro ny tolo-kevitra fa eto dia tokony hisy ny laharam-pahamehana avy amin'ny mpikambana ao amin'ny SLC.

TOLO-KEVITRA :

Ny Filoha sy ny mpikambana ao amin'ny SLC, rehefa avy niara-nidinika, ka nametraka ho laharam-pahamehana dia mamoaka izao tolo-kevitra izao :

Tolo-kevitra voalohany :

Tolo-kevitra faharoa :

Tolo-kevitra fahatelo :

Sonia :

Ny Filoha Filohan'ny vaomiera isan-tsokajiny

Ny tolo-kevitra rehetra nolaniana teto amin'ny fifampidinihana dia aroso eo amin'ny filan-kevitry ny Kaominina handraisana fanapahana ary ho tanterahan'ny rafitra mpanatanteraka.

Fanamarihana :

- Ny tolo-kevitra dia atao teny hierana ary laniana amin'ny tsangan-tanana (maro an'isa)
- Ny tolo-kevitra dia entina eo amin'ny fivorian'ny filan-kevitry ny Kaominina mba hakana fanapahana ho tanterahan'ny rantsana mpanatanteraka
- Ny fitanana an-tsoratra dia asiana mari-daharana (1-2-……..)

Ny fanomezan-daharana sy ny fanakilasiana ny tolo-kevitra :

Atao sosony telo ny tolo-kevitra :

- Ny sosony iray ho alefa eo amin'ny Filan-kevitra
- Ny sosony iray ho an'ny mpikambana ary ampitainy amin'ny kolejy
- Ny sosony iray dia kilasiana

Ny tolo-kevitra dia atao anatin'ny tamba-daharana tokana mifanjohy.

Ny firaiketana an-tsoratra :

Ireo tolo-kevitra dia raiketina an-tsoratra ao amin'ny rejisitra izay ahitana :

1. Ny laharan'ny tolo-kevitra
2. Ny anton'ny tolo-kevitra
3. Ny vaninandrom-pankatoavana
4. Ny vaninandrom-pampitàna amin'ny filan-kevitra kaominaly

Rejisitry ny tolo-kevitra

Laharana	Antony	Vaninandrom-pankatoavana	Vaninandrom-pampitàna ao amin'ny filan-kevitra
TI 001 :			
TI 002			
TI 003			
TI 004			
TI 005			
TI 006			

<u>TOVANA 9.</u> FITSIPIKA ANATIN'NY SLC

Ny mpikambana eto amin'ny SLC Kaominina ……, rehefa avy nifampidinika dia :

Andininy voalohany.- Dia mankatoa izao fitsipika anatiny izao izay mamaritra ireo fombafomba mikasika :

1. Ny fandaminana sy ny fomba fiasan'ny SLC
2. Ireo fitsipika fanaikàna ny fivorian'ny SLC
3. Ny fandaminana ireo fivorian'ny SLC
4. Ny fandaminana ireo fankatoavana ny tolo-kevitra
5. Ny fananganana sy ny fomba fiasan'ireo vaomiera isan-tsokajiny

TOKO VOALOHANY

NY AMIN'NY FANDAMINANA SY NY FOMBA FIASAN'NY SLC

Andininy 2.- Ny SLC ao …… dia ahitana :

Ny Filoha :
-

Ny mpikambana :
-
-

Andininy 3.- Raha toa ka misy fahabangan-toerana iray na maromaro amin'ireo mpikambana ao amin'ny birao, dia manao fifidianana vaovao ny mpikambana (kolejy)

Andininy 4.- Ny SLC dia manana ny foiben-toerany ao amin'ny [Lapan'ny Tanàna].

Andininy 5.- Ny Ben'ny Tanàna no filoha ary mitarika ireo fivoriana.

Andininy 6.- Ny misolo toerana ny Filoha amin'ireo asany amin'ny fotoana tsy maha-eo na tsy maha-afaka azy. (manendry ny filoha mpisolo toerana ny Ben'ny Tanàna)

TOKO II

NY AMIN'IREO FIVORIAN'NY SLC

Andininy 7.- Mivory ara-potoana (isany roa na telo).

Andininy 8.- Ny Filohan'ny SLC dia afaka mampiantso fotoam-pivoriana noho ny fangatahan'ny antsasaky ny mpikambana.

Ny Filoha afaka mampiantso fotoam-pivoriana tsy ara-potoana mihoatra …… araky ny zava-misy eo amin'ny Kaominina.

Sokajy voalohany

Ny amin'ny fanaikàna ireo mpikambana :

Andininy 9.- Ny fanaikàna an-tsoratra dia alefan'ny Ben'ny Tanàna amin'ny adiresin'ny mpikambana tsirairay farafahakeliny ……. andro mialoha ny fivoriana. Tsy maintsy ampiarahina amin'izany ny lahadinika.

Tsy maintsy ampitain'ireo mpikambana ny mpitan-tsoratry ny SLC ny adiresy izay andefasana ny taratasy fanaikàna. Tsy maintsy tafiditra anatin'ny faritry ny Kaominina ny adiresy.

Andininy 10.- Tsy afaka raisina tolo-kevitra raha toa ka latsaky ny antsasak'ireo mpikambana no manatrika, isaina ireo fanomezam-pahefana amin'ny famaritana ny isan'ireo mpikambana manatrika.

Sokajy 2

Ny amin'ny fandaminana ireo fivoriana

Andininy 11.- Tarihin'ny Filohany ny fivoriana dia ny Ben'ny Tanàna. Amin'izany dia iantohany ny filaminan'ireo fivoriana mba hiantohana ny fizotran'izy ireo antsakany sy andavany.

Andininy 12.- Ny Filohan'ny SLC no manokatra sy mamarana ny fivoriana. Izy no manome anjara fitenenana ary mametra ny fe potoana andraisan'ireo mpikambana fitenenana.

Andininy 13.- Ny Filohan'ny SLC dia afaka mandroaka ireo mpikambana mamo ary koa ireo izay manakorontana ankarihary ny fizotran'ireo fivoriana izay azony atao ny mampiato azy raha toa ka ilaina izany.

Andininy 14.- Manomboka amin'ny ora voatondro anatin'ny taratasy fanaikàna ny fivorian'ny SLC. Raha toa ka tsy tratra ny fetr'isa ilaina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ao anatin'ny dimy ambiny folo minitra aorian'ny ora voatondro hivoriana, dia azon'ny Filoha ravana ny fotoam-pivoriana.

Andininy 15.- Mandritry ny fivoriana, ireo mpikambana dia tsy maintsy maneho :

1. Fahamendrehana amin'ny fanehoan-kevitra, tsy fanaovana fandranitana sy fiteny tsy misy fanajana ;
2. Fanajana ny Filoha mitarika ny fivoriana ;
3. Fanajana ny ora nifanomezana ;
4. Fanajana ny fotoana fandraisam-pitenenana.

Andininy 16.- Mandritry ny fivoriana, sy amin'ny fotoana anaovana ny fifidianana momba ireo fanolorana tolo-kevitra dia voarara ny fampiasana finday.

Raràna ny mifoka sigara sy mihinana paraky anatin'ny efitrano fivoriana.

Andininy 17.- Ny tsy fanajana ireo andininy etsy ambony dia ahafahana mandroaka ivelan'ny efitrano fivoriana izay manao izany sy mahavery ny zony.

Andininy 18.- Ny Solontenam-panjakana na olona manana fahaizana manokana dia afaka manatrika ireo fivorian'ny SLC ary mandray anjara amin'ny adihevitra.

TOKO III

NY AMIN'NY FANDAMINANA IREO TOLO-KEVITRA

Andininy 19.- Mialoha ny tolo-kevitra dia ilaina ny manao fandinihana ny laharam-pahamehana.

Ireo tolo-kevitra dia ankatoavin'ny maro an'isa amin'ireo mpikambana manatrika na voasolo tena.

Andininy 20.- Ny zo hifidy ananan'ireo mpikambana ao amin'ny SLC dia an'ny isam-batan'olona. Ny mpikambana iray tsy afa-manatrika ny fivorian'ny SLC dia afaka manome fahefana mpikambana iray hafa, amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahefana vita an-tsoratra, mba hifidy amin'ny anarany. Na dia izany aza anefa, dia tsy afaka mandray fanomezam-pahefana mihoatra ny iray ny mpikambana iray.

Andininy 21.- Atao amin'ny alàlan'ny tsangan-tànana ireo fifidianana ny tolo-kevitra.

TOKO IV

NY AMIN'IREO FITANANA AN-TSORATRA

Andininy 22.- Ireo adihevitra mandritry ny fotoam-pivoriana dia raiketina anatin'ny fitanana an-tsoratra.

Andininy 23.- Ireo fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy ahitàna ny dika manontolon'ireo tolo-kevitra ireo faniriana sy fanehoan-kevitra nankatoavin'ny mpikambana. Ankatoavina amin'ny teboka voalohany amin'ny lahadinika momba ny fotoam-pivoriana manaraka ireo fitanana an-tsoratra.

Soniavin'ireo mpikambana rehetra mandritry ny fotoam-pivoriana izy ireo.

Andininy 24.- Averina adika anatin'ny rejisitra na kilasiana anatin'ny fanakilasiana antontan-taratasy.

TOKO V

NY AMIN'IREO VAOMIERA

Andininy 25.- Ireo vaomiera dia atsangan'ny fitsipika anatiny.

Andininy 26.- Ny SLC dia ahitàna vaomiera miisa ……. (isa ho faritana) :

1. Ny vaomiera miadidy ireo raharaha ;
2. Ny vaomiera miadidy ireo raharaha fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy ;
3. ……

Ireo vaomiera dia ahitàna mpikambana miisa ……. (…).

Andininy 27.- Ny mpikambana tsirairay dia tsy maintsy tafiditra anatin'ny vaomiera iray farafahakeliny (arakaraky ny sokajy manavanana azy).

Andininy 28.- Ny vaomiera tsirairay dia ahitàna ny Filoha, ny Filoha Lefitra sy ny mpitan-tsoratra. Fidin'ireo sy avy amin'ireo mpikambana ; Na manao ahoana na manao ahoana, ny isan'ireo mpikambana isaky ny vaomiera dia tsy azo atao latsaky ny dimy.

Andininy 29.- Ny fivoriam-baomiera dia ampanantsoin'ny Filohany noho izy tenany na noho ny fangatahan'ny maro an'isa amin'ireo mpikambana ao aminy.

Ny taratasy fanaikàna miaraka amin'ny lahadinika dia avantana amin'ny mpikambana tsirairay anatin'ny vaomiera farafahakeliny dimy andro mialoha ny fotoam-pivoriana.

Ny vaomiera isan-tsokajy dia mivory ary manolo-kevitra.

Andininy 30.- Ny fivorian'ny vaomiera dia tanterahina tsy atrehin'olon-kafa. Na dia izany aza anefa dia azony atao ny mampiantso ireo manam-pahaizana izay heveriny fa ilaina mba hanomanana tsara ireo tolo-keviny.

Andininy 31.- Ny fanehoan-kevitry ny vaomiera dia ankatoavina amin'ny alalan'ny tsangan-tànana amin'ny antsasamanilan'ireo mpikambana manatrika.

Andininy 32.- Ny Filohan'ny vaomiera dia soloin'ny Filoha Lefitra amin'ny fotoana tsy maha-eo na tsy maha-afaka azy.

Andininy 33.- Ny Mpitan-tsoratra no miadidy ny fanoratana ireo fitanana an-tsoratra ireo asam- baomiera sy ny fanolorana ireo tatitry ny vaomiera manoloana ny SLC.

Andininy 34.- Ireo vaomiera no mamakafaka ireo raharaha tandrify azy ireo izay hoentina hangalana ny fankatoavan'ny SLC. Azony atao ny mampiantso, raha toa ka ilaina izany, ireo olona rehetra izay afaka mitondra tolo-tànana na torohevitra mandritry ny fanomanana ireo fivoriana.

Ny mpitan-tsoratra ny vaomiera dia manolotra ny fanehoan-kevitry ny vaomiera mialoha ny tolo-kevitra tsirairay raisin'ny SLC.

Andininy 35.- Ny vaomiera tsirairay dia tsy maintsy manana rejisitra ahafahany mirakitra an-tsoratra ireo fivoriany sy asany.

Andininy 36.- Ny SLC dia afaka manova ny isa sy ny firafitr'ireo vaomiera arakaraka ny zava-misy eo

anivon'ny Kaominina.

Andininy 37.- Ny vaomiera tsirairay dia manolotra isan-taona ny tatitra fanaony amin'ny Filohan'ny SLC.

Andininy 38.- Raha toa ka ilaina izany, ny fitsipika anatiny dia azo asiam-panitsiana amin'ny alàlan'ny fankatoavan'ny mpikambana ao @ SLC.

Andininy 39.- Mampiandraikitra ny Ben'ny Tanàna ny fampahafantarana ny besinimaro, ary mampiandraikitra ny SLC ihany koa hampahafantatra ny kolejy isan-tsokajiny sy ny fanatanterahana

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato ……. nitsipaka sy vato ……. fotsy.

<u>TOVANA 10.</u> DRAFITR'ASA NY RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA

TARIDALANA HO AN'NY MPANENTANA

Ny SLC amin'ny maha rafitra ifotony vao natsangana eo anivon'ny Kaominina azy dia rafitra hanolo-kevitra, hamatsy ara-kevitra ireo tompon'andraikitra kaominaly (mpanolo-tsaina, Ben'ny Tanàna).

Ny tolo-kevitra sy ny vatsy ara-kevitra omen'ny SLC dia dinihina sy hifampiresahana amin'ny alalan'ny fivoriana, voarakitra ao anaty fitanana an-tsoratra ary voatahiry ao anaty rejisitra izany tolo-kevitra rehetra noraisina teo amin'ny fivoriana izany.

VOTOATIN'NY DRAFITR'ASA :

- Mialoha ny hamolavolana ny drafitr'asa dia entanina ny mpandray anjara mba hamaritra vina iraisana (ohatra : SLC mitondra tolo-kevitra hampandroso ny Kaomina, SLC mijoro, mitondra fampandrosoana)
- Zava-misy : hijerena ny olana na zavatra hiainana
- Tanjona : famaritana ny tiana hotratrarina
- Asa atao : ireo asa na hetsika entina hanolorana sosokevitra
- Tondro milaza vokatra : fanamarinana ny asa natao sy ny refin'ny vokatra azo
- Famaritana ny asa atao ary fomba hanatanterehana izany
- Ny T1 : milaza fe-potoana hanatanterahana ny asa (T1 : telo volana voalohan'ny taona : janv-fev-mars) (T2 : telovolana faharoa)

IREO KARAZANA ASA ENTIN'NY SLC MIASA MBA HAHAFAHANA MANOLO-KEVITRA EO ANIVON'NY KAOMININA :

ASA ATAO	FOMBA HANATANTERAHANA NY ASA	FOTOANA				TOMPON' ANDRAIKITRA	TONDRO MILAZA VOKATRA
		T1	T2	T3	T4		
Fampahafantarana ny vahoaka ny fijoroan'ny SLC	Fidinana eny ifotony (eo anivon'ny Fokontany)						


FANAMARIHANA : ireo karazana fivoriana handraisana tolo-kevitra


- Fampahafantaran'ny mponina mahakasika ny SLC
- Fandraisana tolo-kevitra ny mpikambana mialoha ny famoahan'ny Kaominina Tetibola
- Fivoriana hanao asa tana-maro fanadivoana faobe na tanàna isam-pokontany



TARI-DALANA HO AN'NY KAOMININA

NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA IFOTONY TSY MANAVAKA, IOMBONAN'NY SEHATRA REHETRA NA PLAN DE DEVELOPPEMENT LOCAL INTEGRE ET INCLUSIF (PDLII)





FIZAHAN-TAKELAKA

FANAFOHIZAN-TENY

FAMPIDIRANA

MAHAKASIKA NY TARI-DALANA

1. Tanjon'ny tari-dalana
2. Ny hiantefan'ny tari-dalana
3. Firafitry ny tari-dalana

TOKO I. JERY ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA TSY MANAVAKA, IOMBONAN'NY SEHATRA REHETRA

1. Famaritana
2. Jery araky ny lalàna sy ny didy aman-dalàna
3. Fepetra manokana mahakasika ny PDLII
4. Lohahevitra mivelatra sy miabo
5. Ny rafi-pandaminana sy ny anjara andraikitry ny mpisehatra

TOKO II. TARI-DALANA MAHAKASIKA NY PDLII

TARI-DALANA 1. FAMOLAVOLANA SY FAMOAHANA PDLII

1. **Dingana fanomanana**
   - 1.1. Fandraisana fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina Kaominaly/monisipaly
   - 1.2. Fiantsoana sy fanentanana ny SLC
   - 1.3. Fandraisana ny angom-baovao isaky ny sehatra
   - 1.4. Fifampiresahana, fametrahana fomba fijery mitovy eo amin' ny mpisehatra rehetra

2. **Dingana fanadihadiana ny zava-misy, ny olana isan-tsehatra, vahaolana mifanaraka amin'izany**
   - 2.1. Fijerena ny zava-misy isan-tsehatra
   - 2.2. Fanadihadiana ny olana sy ny vahaolana
   - 2.3. Fandravonana ny fanadihadiana ny zava-misy

3. **Dingana fandrafetana na teti-pivoarana**
   - 3.1. Famaritana ny vina sy ny fironan'ny fampandrosoana eo anivon'ny Kaominina
   - 3.2. Famaritana ny tanjona ankapobeny sy tanjona manokana
   - 3.3. Famoahana fandaharan'asa sy ny tetikasa laharam-pahamehana
   - 3.4. Famaritana ny tetikasa laharam-pahamehana
   - 3.5. Fandravonana, fanoratana ny tahirin-kevitra PDLII
   - 3.6. Fandraisana ary faneken'ny mpisehatra ny PDLII

4. **Dingana fankatoavana**
   - 4.1. Fankatoavan'ny mpanolo-tsaina ny PDLII
   - 4.2. Fampitana ny PDLII ho any amin'ny solontenam-panjakana
   - 4.3. Fampahafantarana ny mponina

TARI-DALANA 2. FANATANTERAHANA, FIZOHIANA SY TOMBAN'EZAKA NY PDLII

1. **Dingana fanatanterahana**
   - 1.1. Fametrahana ny rafim-pandaminana isan-tsokajiny
   - 1.2. Famoahana fandaharan'asa isan-taona, fanaovana sora-bola
   - 1.3. Fikarohana ny hoenti-manana
2. **Dingana fizohiana sy tomban'ezaka**
   - 2.1. Fizohiana
   - 2.2. Tomban'ezaka

TARI-DALANA 3. FANAVAOZANA NY PDLII

1. **Antony sy tanjona hanavaozana ny PDLII**
   - 1.1. Antony hanavaozana ny drafitra fampandrosoana
   - 1.2. Tanjona


2. **Dingana arahina amin'ny fanavaozana ny PDLII**
   - 2.1. Fanomanana
   - 2.2. Fanaovana tomban'ezaky ny PDLII teo aloha
   - 2.3. Fanadihadiana
   - 2.4. Teti-pivoarana na fandrafetana
   - 2.5. Fankatoavana
   - 2.6. Fanatanterahana
   - 2.7. Fizohiana sy fanaovana tomban'ezaka

TOVANA

1. **Tovana ao amin'ny famolavolana sy famoahana**
   - Tovana 1. Fanapahana mahakasika ny famoahana ny PDLII na déliberation
   - Tovana 2. Fitanana an-tsoratra mirakitra ny fahavononan'ny SLC hiroso amin'ny famolavolana
   - Tovana 3. PDLII Monographie Kaomonina eo ampelan-tanana
   - Tovana 4. Angom-baovao isaky ny sehatra (fanajariana ny tany, fahasalamana, fampianarana, tontolo iainana, …)
   - Tovana 5. Tabilao maneho ny olana, antony sy ny vahaolana
   - Tovana 6. Tabilao maneho ny tanjaka, fahombiazana, fahalemena sy ny fahasarotana (FFOM)
   - Tovana 7. Vinam-pampandrosoana ao anatin'ny telo na dimy taona
   - Tovana 8. Fironan'ny fampandrosoana Tovana 9. Fandaharan'asa sy tetikasa

2. **Tovana ao amin'ny fanatanterahana**
   - Tovana 10. Fanapahan'ny mpanolo-tsaina Kaominaly/monisipaly ho amin'ny fanatanterahana PDLII
   - Tovana 11. Tabilao maneho ny drafitra mandritry ny 5 taona
   - Tovana 12. Tabilao fizohiana Tovana 13. Maodely boky PDLII

3. **Tovana ao amin'ny fizohiana sy fanoavana tomban'ezaka**
   - Tovana 14. Fanapahana mahakasika ny fanavaozana ny PDLII
   - Tovana 15. Fomba atao raha hanao tomban'ezaka ny drafitra fampandrosoana teo aloha



FANALAVAN-TENY

ADL	Agent de Développement Local
FFOM	Force, Faiblesse, Opportunité, Menace
LPDE	Lettre de Politique de Décentralisation Emergente
MDAT	Ministère de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire
PCD	Plan Communal de Développement
PDLII	Plan de Développement Local Intégré et Inclusif
PLOF	Plan Local d'Occupation Foncière
PNDE	Plan National de Décentralisation Émergente
PRD	Plan Régional de Développement
PUDi	Plan d'Urbanisme Directeur
SAC	Schéma d'Aménagement Communal
SLC	Structure Locale de Concertation
SNAT	Schéma National d'Aménagement du Territoire
SRAT	Schéma Régional d'Aménagement du Territoire
STD	Service Technique Déconcentré
TC	Trésorier Communal

FAMPIDIRANA

Ny fampandrosoana maharitra dia zava-dehibe amin’ny firenena manerana izao tontolo izao ary noho izany dia mijanona ho adihevitra politika ihany koa.

Ny fitsinjaram-pahefana dia fanavaozana lehibe izay manome ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny tandrifim-pahefana mba hahafahany mandray fanapahan-kevitra sy andraikitra amin’ny fampiroboroboana ny fampandrosoana eo aminy.

Ny Kaominina : vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay fototry ny fampandrosoana ifotony. Ao anatin’izany dia misy ny fandaharan’asa sy ny tetikasa laharam-pahamehana izay entina hanatsarana ny fiainan’ny mponina ; izay voarakitra an- tsoratra ao anaty drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan’ny sehatra rehetra.

Ho fanatanterahana izany fanamby lehibe izany dia maro ireo fanamafisana traikefa sy fahaiza-manao an’ireo tompon’andraikitra eny anivon’ny Kaominina, tafiditra ao anatin’izany ny fandrafetana sy famoahana izao tari-dalana izao.

Natao izao tari-dalana izao mba hanampiana ireo Kaominina sy ireo mpisehatra manampy ary manao tan-tsoroka amin’ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan’ny sehatra rehetra.

MAHAKASIKA NY TARI-DALANA

1. Tanjon'ny tari-dalana

- Manamora ny famoahana sy fanatanterahana ny PDLII
- Fitaovana apetraka eo anivon'ny Kaominina mba hanovozana ireo hevitra entina mamolavola sy mamoaka, manatanteraka, ary hanatontosana ny fizohiana sy ny tomban'ezaka ny PDLII

2. Ny hiantefan'ny tari-dalana

- Ny olom-boafidy (Mpanolo-tsaina, Ben'ny Tanàna)
- Ny SLC
- Ny solontenam-panjakana
- Ny sampandraharam-panjakana isan-tsokajiny
- Mpanao tan-tsoroka eo anivon'ny Kaominina

3. Firafitry ny tari-dalana

Ny tari-dalana dia maneho :

- Toko I. Foto-kevi-dehibe mahakasika ny PDLII
- Toko II. Famolavolana , famoahana ny PDLII
- Toko III. Fanatanterahana , fizohiana sy tomban'ezaka
- Toko IV. Fanavaozana ny PDLII

Misy ireo tovana izay ilaina isaky ny dingana ao anatin'ny toko isan-tsokajiny

TOKO I.

JERY ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA TSY MANAVAKA, IOMBONAN'NY SEHATRA REHETRA



1. Famaritana ny PDLII

Ny PDLII dia tahirin-kevitra :

- Mirakitra ny vinam-pampandrosoan'ny Kaominina ao anatin'ny telo na dimy taona ;
- Mamaritra ny zava-misy, olana miantraika ary ny vahaolana mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina ;
- Manasongadina ny fandaharan'asa sy ny tetikasa laharam-pahamehana hahatratrarana ny vinam-pampandrosoana.

Ny fandaharan'asa sy ny tetikasa voafaritra avy ao amin'ny PDLII dia misoratra ao anatin'ny tetibolan'ny Kaominina.

2. Jery araky ny lalàna sy ny didy aman-dalàna

Lalàm-panorenan'ny Repoblika IV :
Araky ny fepetra voalazan'ny andininy faha-149 amin'ny Lalàmpanorenana, ny Kaominina dia manohana ny fampandrosoana ara-toekarena, ara- piaraha-monina, ara-kolontsaina sy ara-tontolo iainana ao amin'ny fari-piadidiany. Ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina dia mifantoka indrindra amin'ny foto-kevitra momba ny fanakaikezana, ny fitsinjarana, ny fironana, ny fampiroboroboana ary ny fiarovana ny tombontsoan'ny mponina.

Araky ny andininy faha 28 Lalàna fehizoro 2014-018 izay mitanisa ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina :
Ny Kaominina no misahana indrindra ny fametrahana ny drafitra momba ny fampandrosoana sy fanatanterahana izany eo amin'ny lafiny toekarena, fiaraha- monina sy ny kolontsaina, sosialy, tontolo iainana, loharanon-karena voajanahary.

Araky ny didim-panjakana laharana faha 2015-960 mamaritra ny andraikitry ny lehiben'ny mpanatanteraky ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana :
And. 21.– Mba ho fampiharana ny fitsipika mikasika ny tamberin'andraikitra sy ny mangarahara ao anatin'ny fitantanana ny raharaha ifotony, ny lehiben'ny mpanatanteraka dia tsy maintsy mampandray anjara ny olom-pirenena amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka. Arak'izany, izy dia miandraikitra ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena, ny fampahafantarana sy ny fanetsiketsehana ny mponina. Ny rafitra ifotony fikaonan-doha no rafitra tsara indrindra ho an'ny tamberin'andraikitra eo anivon'ny Vondrom-bahoaka. Ny lehiben'ny mpanatanteraka dia tsy maintsy mampandray anjara azy sy mampahafantatra azy ny asa izay ataony.

And. 24.– Ny Ben'ny Tanàna no tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny politika ifotony voarakitra anatin'ny drafitra fampandrosoana kaominaly sy monisipaly neken'ny Filan-kevitra. Amin'izany, izy no mamantatra avy amin'ny filàn'ny mponina ny hevitra laharampahamehan'ny fampandrosoana hotanterahina mandritry ny fotoam-piasany.

Ny Ben'ny Tanàna dia tsy maintsy mampandray anjara ny rafitra ifotony fikaonan-doha amin'ny famantarana ny filàn'ny mponina mba hampisy fampandrosoana miaraka sy andraisan'ny rehetra anjara.

Amin'ny lafiny fanajariana ny tany :

And. 28.– Ny Ben'ny Tanàna no tompon'andraikitry ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny kisary fanajariana ny Kaominina, araky ny toe-javatra, ampiarahina amin'ny drafitra ifotony fampiasana ny tany, mba hampisy fifanarahana amin'ny fitantanana ny fananan-tany sy ny fitantanana ny politikam-pampandrosoana ifotony.

And. 29.– Ny Ben'ny Tanàna no mandrindra ny fanatanterahana ny asa mikasika ny fitantanana ny fananan-tany itsinjaram-pahefana. Araka izany, izy dia manangana sampan-draharaham-panjakana antsoina hoe «birao ifoton'ny fananan-tany» aorian'ny fanapahan'ny Filan-kevitra.

Araky ny voalazan'ny LPDE :
Ny Kaominina dia manana andraikitra amin'ny famolavolana, famoahana ary fanatanterahana ny PDLII.

3. Fepetra manokana mahakasika ny PDLII


- Fandraisana anjaran'ny olona rehetra tsy ankanavaka eo amin'ny dingan'ny famolavolana, fanatanterahana, fizohiana ary fanaovana tomban'ezaka dia ny SLC izany ;
- Fifandraisan'ireo sehatra maro lafy : fahasalamana, fampianarana, tontolo iainana, fandriampahalemana, loharanon-karena voajanahary ;
- Fampifanarahana ny fenitry ny fanajariana ny tany, fitantanana tanàna ary ireo fitaovana ilaina amin'izany toy ny : SRAT, SAC ;
- Firindran'ny fomba fijery eo amin'ny ara-tsosialy, ara-ekonomika, ara- kolotoraly ;
- Fampifandraisana ny fomba fijery eo amin'ny antana-tohatra miala amin'ny vinan'ny fanjakana foibe, faritra sy ny Kaominina.

4. Lohahevitra mivelatra sy miabo eo amin'ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny PDLII

Lohahevitra	Antony sy ny votoatiny
Lafiny fanajariana ny tany, fandrindrana tanàna, tany	• Fijerena ny fitaovana mahakasika ny fanajariana ny tany SNAT, SAC, PUDi, PLOF ao anatin'ny famolavolana ny tetikasa isan-tsokajiny
Lafiny ara-tsosialy	• Fiheverana ny fitoviana ara-drariny ny fandraisan'ny lahy sy ny vavy anjara eo amin'ny tontolon'ny fampandrosoana ifotony tsy manavaka • Fiheverana ireo olona miankin-doha sy raisina an-tanana (zaza latsaky ny 20 taona sy ireo be antitra mihoatra ny 65 taona) • Fahafahan'ny olona rehetra misitraka ny vokatry ny fampiharana ny fandaharan'asa sy ny tetikasa entin'ny PDLII • Fampifandraisana ny sehatra (fampianarana, fahasalamana, fandriampahalemana, toekarena, kolontsaina) • Ny fanatontosana ireo asa sosialy indrindra ny amin'ny fanomezana tombony ireo olona manana fahasembanana, ny zokiolona sy ny olona sahirana ara-pivelomana
Lafiny tontolo iainana	• Fiheverana ny zava-misy eo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary • Fampiharana ny politikan'ny fanalefahana sy ny fiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro • Fitantanana ny loza voajanahary amin'ny alalan'ny fitantanana loza sy ny aro-loza
Lafiny ara-toekarena	• Fiheverana sy ny fanomezana lanja ireo fiharian-karena azo trandrahana ka mitondra vokatra azo tsapain-tanana • Fijerena ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina • Fiheverana ny tanora sy ny vehivavy
Lafiny ara-tekonolojia	• Fampifandraisana araky ny kajy mirindra ny sehatra ara-tsosialy, ara-toekarena ary ara-kolotoraly

5. Ny rafi-pandaminana sy ny anjara andraikitry ny mpisehatra

Mpisehatra	Anjara asa sy andraikitra
Mpanolo-tsaina Kaominaly	• Mandray ny fanapahana mialoha ny famolavolana ny PDLII • Mankatoa ary mandray fanapahana mahakasika ny fanatanterahana ara-teknika sy ara-bola ny PDLII voarafitra avy amin'ny SLC
SLC	• Rafitra mpanolo-kevitra, mitondra ny hetahetan'ny mponina eo amin'ny lafiny ara-tsosialy, toekarena, kolontsaina
Ben'ny Tanàna	• Manatanteraka ny fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina, tompon-draharaha kaominaly
Teknisianina eo anivon'ny Kaominina (ADL, TC, servisy teknika)	• ADL : fanamorana, fitondrana ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny PDLII • TC : miandraikitra ny fitantanam-bola
Sampandraharam-panjakana STD	• Manome ireo angom-baovao, antontan'isa isaky ny sehatra • Mizara ny fenitra ara-teknika mahakasika ny fotodrafitr'asa • Miandraikitra ny tan-tsoroka ara-teknika sy toro-hevitra mandritry ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny PDLII
Solontenam-panjakana	• Miandraikitra ny fitsirihana ny fanarahan-dalàna • Manentana ary mandrindra ny STD eo amin'ny fanatontosana ny tan-tsoroka sy ny toro-hevitra omena ny Kaominina
Ray aman-dreny ara-drazana	• Miantoka ary manaja ny lanjan'ny kolontsaina
Mpiara-miombon'antoka	• Miantoka ny enti-manana sy ny tan-tsoroka ara-teknika sy ara-bola
Fiarahamonim-pirenena	• Fanabeazana ny olom-pirenena amin'ny alalan'ny fiarovana ny zony, • Miantoka ary manampy ny olom-pirenena eo amin'ny fanefana ny adidy sy ny andraikitra amin'ny fitantanana ifotony




TOKO II.

TARI-DALANA MAHAKASIKA NY PDLII

TARI-DALANA 1.

FAMOLAVOLANA SY FAMOAHANA NY PDLII



TARI-DALANA 1. FAMOLAVOLANA SY FAMOAHANA NY PDLII

Dingana	Asa atao	Vokatra azo
I. FANOMANANA (Telo andro)	1.1. Fandraisana fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina Kaominaly/monisipaly : fanehoana fahavononana hiroso amin'ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny PDLII 1.2. Fiantsoana sy fanentanana ny SLC 1.3. Fanentanana ny komity loharano eny anivon'ny Fokontany 1.4. Fandraisana ny angom-baovao isaky ny sehatra 1.5. Fifampiresahana, fametrahana fomba fijery mitovy eo amin' ny mpisehatra rehetra, fametrahana lamin'asa	• Fanapahana mahakasika ny famoahana ny PDLII na déliberation (Tovana 1) • Fitanana an- tsoratra mirakitra ny fahavononan'ny SLC hiroso amin'ny famolavolana ny PDLII (Tovana 2) • "Monographie" Kaominina eo ampelan-tanana (Tovana 3) Angom-baovao isaky ny sehatra (fanajariana ny tany, fahasalamana, fampianarana, tontolo iainana, …) (Tovana 4)
II. DINGANA FANADIHADIANA NY ZAVA-MISY, NY OLANA ISAN-TSEHATRA, VAHAOLANA MIFANARAKA AMIN'IZANY	2.1. Fanadihadiana ny tahirin-kevitra efa misy (PCD teo aloha, PRD, SAC) 2.2. Fanadihadiana ny zava-misy isan-tsehatra, olana sy ny vahaolana amin'ny alalan'ny fifampiresahana, fanontaniana arahim-baliny amin' ireo sampandraham-panjakana eo an-toerana (ohatra : fahasalamana, fanabeazana, mpitandro filaminana, CAA, tontolo iainana, …) 2.3. Fandravonana ny fanadihadiana ny zava-misy 2.4. Fanadihadiana ny tanjaka, fahalemena, fahombiazana ary ny fahasarotana (FFOM)	• Tabilao maneho ny olana, antony (Tovana 5) • Tabilao maneho ny tanjaka, fahombiazana, fahalemena sy ny fahasarotana (FFOM) (Tovana 6)
III. DINGANA FANDRAFETANA NA TETI-PIVOARANA	3.1. Famaritana ny vina sy ny fironan'ny fampandrosoana eo anivon'ny Kaominina 3.2. Famaritana ny tanjona ankapobeny sy tanjona manokana 3.3. Famoahana fandaharan'asa sy ny tetikasa laharam-pahamehana 3.4. Fandravonana, fanoratana ny tahirin-kevitra PDLII 3.5. Fandraisana ary faneken'ny mpisehatra ny PDLII	• Vinam-pampandrosoana ao ao anatin'ny telo na dimy taona (Tovana 7) • Fironan'ny fampandrosoana (Tovana 8) • Fandaharan'asa sy tetikasa (Tovana 9)
IV. DINGANA FANKATOAVANA	4.1. Fankatoavan'ny mpanolo-tsaina ny PDLII 4.2. Fampitàna ny PDLII ho any amin'ny solontenam-panjakana 4.3. Fampahafantarana ny mponina	• Fanapahan'ny mpanolo-tsaina Kaominaly/monisipaly ny PDLII (Tovana 10)

TOKO II.

TARI-DALANA MAHAKASIKA NY PDLII

TARI-DALANA 2.

FANATANTERAHANA, FIZOHIANA, TOMBAN'EZAKA PDLII



TARI-DALANA 2. FANATANTERAHANA, FIZOHIANA,TOMBAN'EZAKA PDLII

Dingana	Asa atao	Vokatra azo
I. DINGANA FANA-TANTERAHANA	1.1. Fametrahana ny rafi- pandaminana isan-tsokajiny : komitim-pitantanana na komity mpandrindra, komity mpanatanteraka 1.2. Fanaovana teti-bidin'ny tetikasa tsirairay isaky ny fandaharan'asa 1.3. Fijerena ny tetikasa laharam-pahamehana 1.4. Famoahana fandaharan'asa isan-taona, fanaovana sora-bola mifanaraka amin'izany 1.5. Fampidirana ireo fandaharan'asa ao amin'ny tetibolan'ny Kaominina 1.6. Fananganana ny antontan-kevitry ny tetikasa (document de projet) 1.7. Fanetsehana ny loharanom-bola entina manatanteraka ny PDLII 1.8. Ny fiaraha-miasa amin'ireo mpisehatra rehetra toy ny sampandraharaham-panjakana isan-tsokajiny eo amin'ny tan-tsoroka ara-teknika 1.9. Ny fijerena sy ny fitadiavana ireo mpiara-miombon'antoka	• Tabilao maneho ny drafitra mandritry ny 5 taona (Tovana 11)
II. DINGANA FIZOHIANA	2.1. Fametrahana ireo fitaovana mahakasika ny fizohiana sy ny fanaovana tomban'ezaka 2.2. Fijerena ny fahavitan'ny asa, sy ny fahatratrarana ny tondro rehetra voasoratra tao anatin'ny PDLII, fizohiana ny tetibola	• Tabilao fizohiana (Tovana 12) • Maodely PDLII (Tovana 13)
III. TOMBAN'EZAKA	3.1. Fampandraisan'anjara ny rehetra amin'ny fanombanana ny zavabita sy ny fiovana nentin'ny fahatanterahan'ny PDLII 3.2. Famaritana sy fitsarana ny fahombiazan'ny tetikasa, tsara raha atao in-droa ny tomban'ezaka mialohan'ny fiafaran'ny tetikasa 3.3. Mandrefy ny fivoarana nisy teo amin'ny fiainan'ny mponina 3.4. Manasongadina ireo anton-javatra niteraka ny vokatra tsara 3.5. Manolo-kevitra ny Kaominina ho enti-manatsara ireo vokatra ho avy	

TOKO II.

TARI-DALANA MAHAKASIKA NY PDLII

TARI-DALANA 3.

FANAVAOZANA NY PDLII



TARI-DALANA 3. FANAVAOZANA NY PDLII

ANTONY HANAVAOZANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA :

- Maro ny antony hanavaozana ny drafitra fampandrosoana :
- Efa tapitra ny fe-potoanan'ny drafitra fampandrosoana ;
- Misy ny fiovana eo amin'ny tompon'andraikitra Kaominaly ;
- Misy ny fiovana eo amin'ny antontan'isa na politika isan-tsehatra ;
- Misy ny fiovana eo amin'ny politikam-pampandrosoan'ny fanjakana ;
- Misy fironana fampandrosoana vaovao, tolo-kevitra vaovao arakaraky ny zava-misy eo an-toerana.

TANJONA :

- Mba hanaraka andro ny votoatin'ny politikam-pampandrosoana ifotony.



DINGANA ARAHINA EO AMIN'NY FANAVAOZANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA :

Dingana	Asa atao	Vokatra azo
I. FANOMANANA	1.1. Fandraisana fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina Kaominaly/ monisipaly : fanehoana fahavononana hiroso amin'ny fanavaozana ny drafitra fampandrosoana (PCD ho atao PDLII na PDLII ho havaozina) 1.2. Fiantsoana sy fanentanana ny SLC 1.3. Fanentanana ny komity loharano eny anivon'ny Fokontany 1.4. Fandraisana ny angom-baovao isaky ny sehatra 1.5. Fifampiresahana, fametrahana fomba fijery mitovy eo amin' ny mpisehatra rehetra, fametrahana lamin'asa	• Fanapahana mahakasika ny fanavaozana ny PDLII (Tovana14)
II. DINGANA FANOMBANANA NA TOMBAN'EZAKA NY DRAFITRA FAMPANDRO-SOANA HO HAVAOZINA	2.1. Fijerena ireo tahirin-kevitra rehetra tao anatin'ny drafitra fampandrosoana teo aloha (PCD na PDLII) 2.2. Fandalinana sy fanadihadiana ny votoatin'ny drafitra fampandrosoana teo aloha : fanontaniana arahim-baliny, fifampiresahana : mahakasika ny fanatanterahana ny drafitra teo aloha, sy ny vokatra azo ary ny fiantraikany teo amin'ny tontolo ara-tsosialy, toekarena, fiaraha-monina 2.3. Famoahana ny famintinana ny tomban'ezaka 2.4. Fanehoana ny tatitry ny tomban'ezaka	• Fomba atao raha hanao tomban'ezaka (Tovana 15)
III. FANADIHADIANA	3.1. Fanadihadiana ny zava-misy, olana, vahaolana mifanaraka amin'izany 3.2. Famoahana ny tanjaka, fahalemena, fahombiazana sy ny fahasarotana (FFOM) 3.3. Fandravonana sy famintinana 3.4. Fanehoana ny vokatry ny fanadihadiana	

DINGANA ARAHINA EO AMIN'NY FANAVAOZANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA (TOHINY)

Dingana	Asa atao	Vokatra azo
IV. TETI-PIVOARANA	4.1. Famaritana vinam- pampandrosoana sy ny fironana ara-stratejika vaovao ao anatin'ny telo na dimy taona manaraka 4.2. Fijerena tanjon'ny fampandrosoana 4.3. Famaritana ny fandaharan'asa sy ny tetikasa mifanaraka amin'izany 4.4. Fandravonana, fanoratana ny tahirin-kevitra PDLII 4.5. Fandraisana ary faneken'ny mpisehatra ny PDLII	
V. DINGANA FANKATOAVANA	5.1. Fankatoavan'ny mpanolo-tsaina ny PDLII 5.2. Fampitana ny PDLII ho any amin'ny solontenam-panjakana 5.3. Fampahafantarana ny mponina	



FANATANTERAHANA, FIZOHIANA SY TOMBAN'EZAKA NY PDLII :

Dingana	Asa atao	Vokatra azo
I. DINGANA FANA-TANTERAHANA	1.1. Fametrahana ny rafi- pandaminana isan-tsokajiny : komitim-pitantanana na komity mpandrindra, komity mpanatanteraka 1.2. Fanaovana teti-bidin'ny tetikasa tsirairay isaky ny fandaharan'asa 1.3. Famoahana fandaharan'asa isan-taona, fanaovana sora-bola mifanaraka amin'izany 1.4. Fampidirana ireo fandaharan'asa ao amin'ny teti-bolan'ny Kaominina 1.5. Fananganana ny antontan-kevitry ny tetikasa (document de projet) 1.6. Fanetsehana ny loharanom-bola entina manatanteraka ny PDLII 1.7. Ny fiaraha-miasa amin'ireo mpisehatra rehetra toy ny sampandraharaham-panjakana isan-tsokajiny eo amin'ny tan-tsoroka ara-teknika 1.8. Ny fijerena sy ny fitadiavana ireo mpiara-miombon'antoka	
II. DINGANA FIZOHIANA	2.1. Fametrahana ireo fitaovana mahakasika ny fizohiana sy ny fanaovana tomban'ezaka 2.2. Fijerena ny fahavitan'ny asa, sy ny fahatratrarana ny tondro rehetra voasoratra tao anatin'ny PDLII, fizohiana ny tetibola	• Tabilao fizohiana
III. TOMBAN'EZAKA	3.1. Fampandraisana anjara ny rehetra amin'ny fanombanana ny zava-bita sy ny fiovana nentin'ny fanatanterahana ny PDLII 3.2. Famaritana sy fitsarana ny fahombiazan'ny tetikasa , tsara raha atao in-droa ny tomban'ezaka mialohan'ny fiafaran'ny tetikasa 3.3. Mandrefy ny fivoaran'ny fanatanterahana ny Kaominina 3.4. Manasongadina ireo anton- javatra niteraka ny vokatra azo ny Kaominina 3.5. Manolo-kevitra ny Kaominina hoenti-manatsara ireo vokatra ho avy	

FAMARANANA

Ny drafitra fampandrosoana ifotony, tsy manavaka, iombonan'ny sehatra rehetra na PDLII dia tahirin-kevitra mirakitra ny vinam-pampandrosoan'ny Kaominina hotanterahina mandritry ny dimy taona, izay taona mifanaraka amin'ny vanim-potoana hiasan'ny Ben'ny Tanàna.

Ny SLC izay tarihin'ny Ben'ny Tanàna dia voalohany eo amin'ny dingan'ny famolavolana, fanatanterahana, fizohiana, fanaovana tomban'ezaka ny PDLII.

Mialoha ny famolavolana ny PDLII dia misy ny fanapahana raisin'ny mpanolo-tsaina Kaominaly.

Ny PDLII dia mamaritra, maneho ny zava-misy, ny olana sy ny fototry ny olana izay miantraika amin'ny mponina, ny fitantanana ary ny fanjakana tsara tantana ifotony eo anivon'ny Kaominina.

Ny famaritana ny vina, ny fironan'ny fampandrosoana ifotony dia faritana avy amin'ny fanadihadiana ny zava-misy sy ny olana ary ny fijerena akaiky ny tanjaka, ny fahalemena, ny fahombiazana ary ny fampitahorana eo anivon'ny Kaominina.

Avy amin'ny famaritana ny fironana stratejika no hamoahana ny tanjona ankapobeny sy ny tanjona manokana ka hamaritana ny fandaharan'asa sy ny tetikasa.

Arafitra ao anaty tabilao ny fandaharan'asa mandritry ny dimy taona sy ny tetikasa mifanaraka amin'izany.

Mba ho fanatanterahana ny PDLII, ny mpanolo-tsaina dia mivory mandray fanapahana ho fankatoavana azy, ny Ben'ny Tanàna dia tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny PDLII ka mampiditra ny fandaharan'asa laharam-pahamehana neken'ny rehetra ao anatin'ny tetibola isan-taona.

Ny PDLII dia hanaovana fizohiana sy tomban'ezaka mba hahafahana mandrefy ny asa vita ary ahafahana mijery akaiky ny fiantraikan'ny tetikasa eo amin'ny fiainan'ny mponina.



<u>Tovana 1.</u> Maodelin'ny fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA ……..
KAOMININA …….

FANAPAHANA LAHARANA FAHA- (lahara-mifanjohy/taona)
FAMOLAVOLANA DRAFITRA FAMPANDROSOANA TSY MANAVAKA,
IOMBONAN'NY SEHATRA REHETRA

Isan'ireo Mpanolo-tsaina : …… (…)
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nanatrika : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika sady tsy nahatonga fialan-tsiny : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nahazo fanomezam-pahefana : … (….)
Andriamatoa/Ramatoa …… nomen'Andriamatoa/Ramatoa …… fahefana

Ny…….. **[daty atao an-tsoratra]** tamin'ny …….. ora, ny Filan-kevitra nivory (ara-potoana na tsy aram-potoana), noho ny fiantsoana nataon'ny Filohan'ny Filan-kevitra an-taratasy ny vaninandron'ny …… **(daty nandefasana ny taratasy fiantsoana)** dia nivory (ara-potoana na tsy ara-potoana) tao amin'ny biraon'ny Kaominina **(anaran'ny Kaominina)** teo ambany fitarihan'Andriamatoa (anaran'ny filohan'ny filan-kevitra).
Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna mba hahafahana mandray fanapahana.

- Araky ny Lalàmpanorenana ;
- Araky ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana ;
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 tamin'ny 12 Jolay 2015 mahakasika ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- Araky ny didy tamin'ny ……. navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao …….. anaovana fanambarana ireo vokatry ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra tamin'ny …….
- Rehefa hita sy heno ny fanazavana nataon'ny Ben'ny Tanàna mahakasika ny famolavolana ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan'ny sehatra rehetra ;
- Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha……

Ny Filan-kevitra (kaominaly/monisipaly), rehefa avy nanapaka,

Andininy voalohany.- Mankatoa ny famolavolana sy famoahana ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan'ny sehatra rehetra PDLII.

Ny PDLII dia tahirin-kevitra mandrafitra ny vinam-pampandrosoana mandritry ny **(isan'ny)** taona, mamaritra ireo fandaharan'asa sy tetikasa hanatsarana ny fiainan'ny mponina ara-tsosialy, ara-toekarena, ara-kolotoraly.

Ny PDLII dia manasongadina ny fandraisana anjaran'ny olona rehetra tsy ankanavaka ary mampifandray ny sehatra ara-tsosialy, ara-toekarena ary ara-kotoloraly.

Andininy 2.- ny SLC no tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fanolorana ny tolo-kevitra mandritry ny dingana famolavolana, fanatanterahana, fizohiana ary fanatontosana ny tomban'ezaky ny PDLII.

Andininy 3.- Ny fomba fandaminana, ny fomba fiasa mandritry ny famolavolana ny PDLII dia tarihin'ny Ben'ny Tanàna, filohan'ny SLC.

Andininy 4.- Mampiandraikitra ny Ben'ny Tanàna ny fampahafantarana ny besinimaro, ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato……. nitsipaka sy vato……. fotsy.

Natao tao ……., ny ……

Ny Filohan'ny Filan-kevitra,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ny Mpampaka-teny,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ireo mpikambana,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny

<u>Tovana 2.</u> Maodelin'ny fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina Fitanana an-tsoratra mirakitra ny fahavononan'ny SLC hiroso amin'ny famolavolana

FARITRA .....
KAOMININA .....

Laharana faha :

Kaominina :

Daty :

Toerana :

Tonga nanatrika

Mpitarika ny fivoriana : ny Filoha : Ben'ny Tanàna

Mpitan-tsoaratra :

Mpanamora

Natao androany .....faha....., teto amin'ny ..... ny fakan-kevitra, fifampidinihana, fifampiresahana, araky ny fampiantsoana fivoriana tamin'ny .....

Izahay SLC eto amin'ny Kaominina (anaran'ny Kaominina) izay tarihin'ny Ben'ny Tanàna dia vonona hikaon-doha, hifampiresaka, hitondra sosokevitra mahakasika ny famolavolana, famoahana ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan'ny sehatra rehetra.

Ao anatin'izany dia hamaritra

- ⇒ Ny zava-misy, ny olana miantraika amin'ny mponina, ary indrindra fa hanome ireo vahaolana mifanaraka amin'ny filàna sy ny hetahetan'ny mponina
- ⇒ Ny hoavin'ny Kaominina amin'ny alalan'ny VINA
- ⇒ Ny tanjona sy ny hetsika rehetra izay hahatratrarana izany vina izany
- ⇒ Hisafidy ny tetikasa laharam-pahamehana izay hanatsarana ny fiainan'ny mponina ka harafitra ao anatin'ny drafitra fampandrosoana PDLII.

Ankoatry ny famolavolana sy ny famoahana ny PDLII dia mbola maneho ny fahavononana izahay eo amin'ny falonorana ny sosokevitra ho amin'ny fanatanterahana, fizohiana sy ny fanombanana ny PDLII.

Marihina fa tsy mitaky karama na tambin-karama izahay.

Natao izao mba ho fanehoanay fa manana andraikitra eo amin'ny fitantanana ifotony izahay ary vonona hanatanteraka izany andraikitra sahaninay izany.

<u>Tovana 3.</u> Monographie Kaominina

ANTONTAN-KEVITRA ANGONINA
Antontan-kevitra ankapobeny

Code :		Isan'ny fokontany :	
Kaominina :		Velarana :	
Distrika :		Isan'ny Mponina :	
Faritra :		Isan'ny tokantrano :	
Ben'ny Tanàna :		Zotran-dàlana sy halavirana misy ny Kaominina (RN, RNS, RIP, halavirana) :	
Tél :		Fahalavirana miohatra amin'ny Renivohitry ny Distrika (G : goudronnée, P : piste ; halavirana) :	
Filohan'ny filan-kevitra :		Fahalavirana miohatra amin'ny Renivohitry ny Faritra (G : goudronnée, P : piste ; halavirana) :	
Tél :			
Mpitambola kaominaly :			
Tél:			

IS1- Fahasalamana			
Tobim-pahasalamana (CSB)			
Isan'ny CSB :		Isan'ny mpitsabo :	
CSB1 :		Isan'ny mpitsabo mpanampy :	
CSB2 :		Taha mponina/mpitsabo :	
		Taha mponina / mpitsabo mpanampy :	
Elanelana farany lavitra amin'ny Fokontany sy ny CSB (tombanana ny fotoana anaovana azy) :			
Misy komitin'ny fahasalamana miasa tsara ve eny amin'ny Fokontany ?		Comité de Santé COSAN	
		Agent Communautaire AC	
		Comité de Gestion COGE	
		Manana karatra FANOME (fandraisana anjara no mba entiko) :	
Misy vaomiera kaominaly ho fampandrosoana ny fahasalamana ve ?		CCDS Comité Communautaire de Développement Sanitaire	

Farmasia Kaominaly			
Isan’ny fivarotam-panafody :		Taha tokantrano / fivarotam-panafody :	
Isan’ny fivarotam-panafody iraisan’ny fokonolona :			
Fahasalaman’ny Reny sy ny zaza			
ODD 3. Omena antoka fa afaka mitsabo tena ny rehetra ary ho mora sy haharitra izany fitsaboana izany ka hitondra ny tsirairay ao anaty fiadanana tanteraka			
3.1 - Hitondra ny taham-pahafatesana maneran-tany ho ambanin’ny 70 isaky ny 100 000 ny fiterahana velona			
Isan'ny fahaterahana velona :		Tahan'ny fahafatesan'ny Reny isaky ny 100.000 zaza teraka velona :	
Isan’ny Reny maty eo ampiterahana:		Ampahan'ny fiterahana atrehan'ireo mpiasan'ny fahasalamana mahay:	

<u>Tovana 4.</u> Angom-baovao isaky ny sehatra (fanajariana ny tany, fahasalamana, fampianarana, tontolo iainana, fambolena, …)

Fanamarihana : Ilaina ny fifampiresahana amin'ny sampandraharaham-panjakana misy eo an-toerana mba hahazoana ny angom-baovao isan-tsehatra

Sehatra fahasalamana :

<u>Fijerena ny zava-misy :</u>

Fotodrafitrasa : CSB II –CSB I , tobim-pahasalamana tsy miankina , tobim-pahasalamana iraisana (mutuel de santé)

Fotodrafitrasa	Fokontany misy azy	Dokotera	Mpitsabo mpanampy	Gardien	Tompon'andraikitra hafa

Ny fampitaovana (équipements) :

Ny fotodrafitrasa fanampiny : toerana fidiovana sy fanadiovana, rano fisotro madio,

Ny fampandehanan-draharaha sy ny tolo-draharaha (fonctionnement – offre de service)

<u>Ny olana misy eo amin'ny mponina : eo amin'ny sehatra fahasalamana dia ilaina ny mijery :ny aretina misy, fahazoan'ny olona ny tolotra aram-pahasalamana, filaminana, fandriam-pahalemana, jiro sy ny rano isaky ny tobim-pahasalamana,</u>

<u>OLANA</u>	**<u>ANTONY</u>**	**<u>FIANTRAIKANY</u>**

Fiahiana ara-tsosialy na (protection sociale) : fijerena ny fotodrafitrasa na hetsika mahakasika :

- ⇒ Ny fiarovana, fandraisana an-tanana ny zaza tsy ampy taona iharan'ny herisetra (latsaky ny 18 taona)
- ⇒ Ny fiahiana ny zokiolona, vondron'olona marefo
- ⇒ Ny fandraisana fitarainana, fanohanana ny olona iharan'ny herisetra (VBG)
- ⇒ Hetsika manokana fanentanana, fampafahantarana ny VIH/SIDA
- ⇒ Ny toerana fandraisana ny olona traboina sy ny fiarovana ny loza voajanahary

Fanamarihana : ny fanangonam-baovao dia ilaina fiaraha-miasa amin'ny sampandraharaham-panjakana sehatra fahasalamana sy ny sampandraharaham-panjakana ny mponina sy ny firaisan-kina.
Raha misy ny antotanisa dia ilaina ny manasongadina ny isan'ny LAHY sy ny VAVY.
Ilaina ny maneho ny endriky ny fotodrafitrasa (tsara - simba – mitete ny tafo – …).

Sehatra fampianarana :

Fijerena ny zava-misy :

Fotodrafitrasa : EPP, sekoly miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana (privé)

Fotodrafitrasa	Fokontany misy azy	Mpampianatra	Mpandraharaha	Gardien	Tompon'andraikitra hafa

Ny fampitaovana (équipements) : dabilio, tabilao, boky fianarana

Ny fotodrafitrasa fanampiny : toerana fidiovana sy fanadiovana, rano fisotro madio,

Ny fampandehanan-draharaha sy ny tolo-draharaha (fonctionnement – offre de service)

Ny olana misy eo amin'ny mponina : eo amin'ny sehatra fampianarana dia ilaina ny mijery :

OLANA	**ANTONY**	**FIANTRAIKANY**

Tovana 5. **Tabilao maneho ny olana, antony ary ny fiantraikany**

SEHATRA	OLANA	ANTONY	FIANTRAIKANY
ARA-TOEKARENA			
Fambolena			
Fiompiana			
Jono			
Asa tanana			
Varotra			
Fandraharahana			
Fizahan-tany			
Hotely			
Fotodrafitrasa mampidi-bola (tsena, famonoan'omby, gare routière, sehatra maitso			

SEHATRA	OLANA	ANTONY	FIANTRAIKANY
ARA-TSOSIALY			
Fahasalamana			
Fampianarana			
Fahaiza-mamaky teny sy manoratra			
Rano-fidiovana-fanadiovana			
Tontolo iainana			
Fandriam-pahalemana			
Trano fonenana			
Fanatanjahantena			
Fialam-boly			
Kolontsaina			
Fanjarian-tsakafo			
Miralenta sy fampandrosoana			

SEHATRA	OLANA	ANTONY	FIANTRAIKANY
LOHARANOM-PAMPANDROSOANA			
Herin'aratra-Angovo			
Lalana			
Fifandraisana (radio , TV)			
Tambazotran-tserasera			
Fifamoivoizana			
Orinasa mpampiasa vola (institution financiere : banky , OTIV SMMEC…)			

SEHATRA	OLANA	ANTONY	FIANTRAIKANY
FANDAMINANA SY FANDRINDRANA FITANTANANA EO ANIVON'NY KAOMININA			
Fitantanana kaominina			
Loharanom-bola			
Fitantanana fitaovana			
Fitantanam-bola			
Fitantanana fitaovana			
Fifandraisana samy Kaominina (coopération décentralisée)			

<u>Tovana 6.</u> **Tabilao maneho ny tanjaka, fahombiazana, fahalemena sy ny fahasarotana (FFOM)**

TANJAKA	**FAHALEMENA**
Fanehoana ny zava-misy ao anatin'ny Kaominina ka mampiavaka azy	
FAHOMBIAZANA	**FAHASAROTANA**

<u>Tovana 7.</u> Vinam-pampandrosoana ao anatin'ny telo na dimy taona

- **<u>Famaritana VINA :</u>**

Ny VINA na (vision) dia faniriana ho an'ny hoavy izay mamaritra ny faniriana ho amin'ny fiovana tsara sy miabo ao anatin'ny fotoana lavitr'ezaka, eto dia mahakasika ny hoavin'ny Kaominina ara-tsosialy, ara-toekarena, ara-tontolo iainana.

- *<u>Raha hamaritra VINA</u>*

Ireto avy ny fanontaniana raha hamaritra ny VINA ny SLC :

- Kaominina toy ny ahoana afaka telo na efatra taona ?
- Manao ahoana ny : fahasalaman'ny mponina, fianaran'ny ankizy, toekarena eo an-toerana, tontolo iainana, … ao anatin' izany telo na efatra taona izany ?

Marihina fa rehefa manoritra ny vinam-pampandrosoana dia ilaina ny mijery ny fironan'ny fampandrosoana eo anivon'ny firenana
Eto dia manana fironana fampandrosoana telo lehibe ny fanjakana malagasy dia :

⇒ Fampiroboroboana ny maha-olona (développement de capital humain)
⇒ Fampiroboroboana ny sehatra indostrialy (industrialisation)
⇒ Fampiroboroboana ny fanjakana tsara tantana (gouvernance)

Eo ihany koa ny fampifanarahana izany fironana fampandrosoana izany amin'ny fampandrosoana ny faritra.

Ohatra : Araky ny hita teo amin'ny fanadihadiana, ny olan'ny fampandrosoana, dia manoritra izao vinan'ny fampandrosoana ifotony izao : ny Kaominina XXXX, amin'ny taona (afaka 3 na 5 taona) dia *Kaominina manana toekarena mandroso, misy fiahiana ara-tsosialy*

- *Manana toerana fizahan-tany miaraka amin'ny vokatra fambolena avo lenta*
- *Kaominina tsara tantana izay ahafahan'ny mponina mahazo tolotra ara-tsosialy fototra manara-penitra ao anatin'ny tontolo iainana ara-drariny, salama, azo antoka ary tsara tantana*
- *Kaominina tsara tantana, misokatra sy mivoatra*
- *Toerana manana tanjaka aram-pamokarana eo amin'ny sehatra fambolena sy fiompiana, manana orinasa fanodinana vokatra, hahafahana mampiroborobo ny varotra anatiny sy ivelany*
- *Kaominina manana vahoaka salama, mianatra, mampiroborobo ny fanjakana tsara tantana ifotony, manana tontolo iainana madio,*

Marihina fa ireo ohatra voalaza ireo dia natao ho halain-tahaka fotsiny fa ilaina ny fampifanarahana ny vina amin'izay zava-misy ary hamaly ny hetahetan'ny mponina.

<u>Tovana 8.</u> Fironan'ny fampandrosoana na fironana stratejika

- **<u>Fironana stratejika (orientation stratégique) :</u>**

Ny fironana stratejika dia maneho ny tanjon'ny fampandrosoana izay tiana hotratrarina,

Ny famaritana ny fironana stratejika dia mifototra :

⇒ amin'ny famaritana ny vina,
⇒ amin'ny fanadihadiana ny tanjaka, fahalemena, fahombiazana sy ny fahasarotana eo amin'ny Kaominina,
⇒ Fampifanarahana ny tanjon'ny fanjakana foibe (priorité nationale).

Noho izany dia :

- Mirona amin'ny fampiakarana ny toekarena ifotony
- Mampandroso ny tolo-draharaha ifotony mba hanatsarana ny fiainan'ny mponina
- Manamafy ny fanjakana tsara tantana ifotony

<u>FAMARITANA SY FANORITSORITANA NY TANJONA ANKAPOBENY SY TANJONA MANOKANA</u>

Ny famaritana ny tanjona ankapobeny dia mifototra avy amin'ny fironana stratejika
Eto dia azo raisina ohatra

<u>Tanjona ankapobeny 1 : FAMPIAKARANA NY TOEKARENA IFOTONY</u>

Tanjona manokana 1.1 : Fanatsarana ny sehatra fambolena, fiompiana

Tanjona manokana 1.2 : Fanatsarana ny fizahan-tany

Tanjona manokana 1.3 : …

<u>Tanjona ankapobeny 2 : FAMPIROBOROBOANA SY FANATSARANA FIAINANA ARA-TSOSIALY</u>

Tanjona manokana 2.1 : Fanatsarana ny sehatra fahasalamana sy ny fiahiana ara-tsosialy

Tanjona manokana 2.2 : Fanatsarana ny sehatra fampianarana

Tanjona manokana 2.3 : Fampivoarana ny rano fidiovana, fanadiovana sy fidiovana

<u>FANAMARIHANA</u>

Ny famaritana ny tanjona ankapobeny sy ny tanjona manokana dia atao mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina ary miantraika mivantana amin'ny fiainany.

Eto dia ohatra ihany ireo voalaza etsy ambony fa ilaina ny mijery ny vina, ny fironana stratejika mba hahafahana mamaritra ny tanjona.

Tovana 9. Fandaharan'asa sy tetikasa

FANORITSORITANA NY FANDAHARAN'ASA SY TETIKASA : rehefa avy manoritsoritra ny tanjona ankapobeny sy ny tanjona manokana dia

- Ny tanjona ankapobeny dia atao fandaharan'asa, PROGRAMME
- Ny tanjona manokana dia atao tetikasa PROJET

Ao anatin'ny **FANDAHARAN'ASA IRAY DIA MITONDRA TETIKASA MAROMARO**

Tanjona ankapobeny 1 : Fanatsarana ny fahazoana tolo-draharaha ifotony (Améliorer l'accès aux services sociaux de base) (PROGRAMME NA FANDAHARAN'ASA)

Tanjona manokana : (TETIKASA NA PROJET)

1- Fanatsarana ny sehatra fahasalamana
2- Fanatsarana ny sehatra fampianarana
3- Fanatsarana ny sehatra rano fisotro madio -fidiovana -fanadiovana
4- Fanatsarana ny fisitrahana angovo

Tanjona ankapobeny 2 : Fampiroboroana ny fampandrosoana ny toekarena ifotony (Promouvoir le développement économique local)

Tanjona manokana :

1- Fanatsarana ny sehatra fambolena
2- Fanatsarana ny sehatra fiompiana
3- Fampiroboroboana ny orinasa fanodinana
4- Fampiroboroboana ny sehatra varotra

<u>Tovana 10.</u> Maodelin'ny fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA ……..
KAOMININA …….

FANAPAHANA LAHARANA FAHA- (lahara-mifanjohy/taona)
FANKATOAVANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA TSY MANAVAKA, IOMBONAN'NY SEHATRA REHETRA

Isan'ireo Mpanolo-tsaina : …… (…)
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nanatrika : … (…) :
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika sady tsy nahatonga fialan-tsiny : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nahazo fanomezam-pahefana : … (….)
Andriamatoa/Ramatoa …… nomen'Andriamatoa/Ramatoa …… fahefana

Ny…….. **[daty atao an-tsoratra]** tamin'ny …….. ora, ny Filan-kevitra nivory (ara-potoana na tsy ara-potoana), noho ny fiantsoana natao'ny Filohan'ny Filan-kevitra an-taratasy ny vaninandron'ny …… **(daty nandefasana ny taratasy fiantsoana)** dia nivory (ara-potoana na tsy ara-potoana) tao amin'ny biraon'ny Kaominina **(anaran'ny Kaominina)** teo ambany fitarihan'Andriamatoa (anaran'ny filohan'ny filan-kevitra).
Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna mba hahafahana mandray fanapahana.

- Araky ny Lalàmpanorenana ;
- Araky ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana ;
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 tamin'ny 12 Jolay 2015 mahakasika ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana,
- Araky ny didy tamin'ny ……. navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao …….. anaovana fanambarana ireo vokatry ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra tamin'ny …….
- Rehefa hita sy heno ny fanazavana nataon'ny Ben'ny Tanàna mahakasika ny famolavolana ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka , iombonan'ny sehatra rehetra
- Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha……

Ny Filan-kevitra (kaominaly/monisipaly), rehefa avy nanapaka,

Andininy voalohany.- Mankatoa ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan'ny sehatra rehetra PDLII.

Ny PDLII dia tahirin-kevitra mandrafitra ny vinam-pampandrosoana mandritry ny **(isan'ny)** taona, mamaritra ireo fandaharan'asa sy tetikasa hanatsarana ny fiainan'ny mponina ara-tsosialy, ara-toekarena, ara-kolotoraly.

Ny PDLII dia manasongadina ny fandraisana anjaran'ny olona rehetra tsy ankanavaka ary mampifandray ny sehatra ara-tsosialy, ara-toekarena ary ara-kotoloraly.

Andininy 2.- Ny rafitra mpanatanteraka dia tompon'andraikitra voalohany manatanteraka ny fandaharanasa sy ny tetikasa laharam-pahamehana mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina izay voarakitra ao anatin'ny PDLII.

Andininy 3.- Ny SLC dia miara-miasa amin'ny Kaominina amin'ny fanolorana tolo-kevitra mifanaraka amin'ny fanatanterahana, fizohiana ary tomban'ezaka atao amin'ny PDLII.

Andininy 4.- Mampiandraikitra ny Ben'ny Tanàna ny fampahafantarana ny besinimaro, ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato……. nitsipaka sy vato……. fotsy.

Natao tao ……., ny …….

Ny Filohan'ny Filan-kevitra,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ny Mpampaka-teny,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ireo mpikambana,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny

Tovana 11. Tabilao maneho ny drafitra mandritry ny 3 na 5 taona

Harafitra eto amin'ity tabilao ity ireo ny fandaharan'asa sy ny tetikasa izay ho tanterahana mandritry ny dimy taona

LASITRA FOTOTRA NY FAMPANDROSOANA (CADRE LOGIQUE)

Ny lasitra fototra dia natao mba hamaritana ireo asa ilaina ho amin'ny fanatratrarana ireo tanjona sy hanomanana ihany koa ny antotan'asa momba ahatratrarana tanjona

VINA :

FANDAHARAN'ASA ANKAPOBENY 1 : Fampandrosoana ekonomika ifotony **PROGRAMME 1 :**					
Tanjona manokana Objectifs spécifiques	Vokatra andrasana Résultats attendus	Tondro milaza vokatra Indicateurs	Porofo fanamarinana Sources de vérification	Vinavina Hypothèses	Mpisehatra tompon'andraikitra
Tetikasa 1 : **Fanatsarana ……..**					

DRAFIDRASA LAHARAM-PAHAMEHANA ATAO MANDRITRY NY (DIMY TAONA)

FANDAHARAN'ASA 1: FANATSARANA NY FANDRAISAN'NY MPONINA TOLO-DRAHARAHA SOSIALY IFOTONY

	Vokatra andrasana Résultats attendus	Tondro Indicateurs	Asa	Toerana misitraka	Tompon'andraikitra	Fotoana				
						T1	T2	T3	T4	T5
TETIKASA : fanatsarana sehatra fampianarana	Miakatra ny taha fidirana an-tsekoly	Isan'ny mpianatra tafiditra an-tsekoly	Fanorenana na fanatsarana, fanitarana	Fokontany XXX	Ben'ny Tanàna					

Tovana 12. **Tabilao fizohiana**

TETIKASA	ASA NOVOLAVOLAINA	TOERANA NISITRAKA	FIZOTRY NY ASA	ELANELANA	FANAZAVANA
FANDAHARAN'ASA 1 :					
TETIKASA 1					
TETIKASA 2					
TETIKASA 3					

TETIKASA	ASA NOVOLAVOLAINA	TOERANA NISITRAKA	FIZOTRY NY ASA	ELANELANA	FANAZAVANA
FANDAHARAN'ASA 2 :					
TETIKASA 1					
TETIKASA 2					
TETIKASA 3					

Tovana 13. **Maodely boky PDLII**

FIZAHAN-TAKELAKA

FANALAVAN-TENY

ANDININ-TSORATRY NY BEN'NY TANANA

FAMINTINANA

FAMPIDIRANA

IREO DINGANA SY FOMBA NAMOAHANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA

TOKO 1 : FANORITSORITANA MAHAKASIKA NY KAOMININA (monographie)

TOKO 2 : ZAVA-MISY EO AMIN'NY SEHATRY NY FAMPANDROSOANA NY KAOMININA

2-1 Zava-misy isan-tsehatra

2-2 Olan'ny fampandrosoana isan-tsehatra

TOKO 3 : VINA SY NY FIRONANA STRATEJIKA

3-1 Vina

3-2 Fironana stratejika

3-3 Fandaharan'asa sy tetikasa

TOKO 4 : DRAFITR'ASA MANDRITRY NY DIMY TAONA

4-1 Tabilao maneho ny fandaharan'asa sy tetikasa

TOKO 5 : PAIKADY FANATANTERAHANA, FIZOHIANA SY NY TOMBAN'EZAKA

5-1 Paikady fanatanterahana

5-2 Fizohiana sy tomban'ezaka

FAMARANANA

FANAMARIHANA :
Marihana fa ny votoatin'ny fandrafetana ny boky PDLII dia alaina avy amin'ny tovana isan-tsokajiny

<u>Tovana 14.</u> Maodelin'ny fanapahana avy amin'ny mpanolo-tsaina



FARITRA ……..
KAOMININA …….

FANAPAHANA LAHARANA FAHA- (lahara-mifanjohy/taona)
FANAVAOZANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA

Isan'ireo Mpanolo-tsaina : …… (…)
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nanatrika : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika sady tsy nahatonga fialan-tsiny : … (…)
Andriamatoa/Ramatoa ……
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nahazo fanomezam-pahefana : … (….)
Andriamatoa/Ramatoa …… nomen'Andriamatoa/Ramatoa …… fahefana

Ny…….. **[daty atao an-tsoratra]** tamin'ny …….. ora, ny Filan-kevitra nivory (ara-potoana na tsy ara-potoana), noho ny fiantsoana natao'ny Filohan'ny Filan-kevitra an-taratasy ny vaninandron'ny …… **(daty nandefasana ny taratasy fiantsoana)** dia nivory (ara-potoana na tsy ara-potoana) tao amin'ny biraon'ny Kaominina **(anaran'ny Kaominina)** teo ambany fitarihan'Andriamatoa (anaran'ny filohan'ny filan-kevitra).
Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna mba hahafahana mandray fanapahana,

- Araky ny Lalàmpanorenana ;
- Araky ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;
- Araky ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana ;
- Araky ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araky ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 tamin'ny 12 Jolay 2015 mahakasika ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana,
- Araky ny didy tamin'ny ……. navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao …….. anaovana fanambarana ireo vokatry ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra tamin'ny …….
- Rehefa hita sy heno ny fanazavana nataon'ny Ben'ny Tanàna mahakasika ny famolavolana ny drafitra fampandrosoana tsy manavaka, iombonan'ny sehatra rehetra
- Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha……

Ny Filan-kevitra (kaominaly/monisipaly), rehefa avy nanapaka,

Andininy voalohany.- Mankatoa ny fanavaozana ny drafitra fampandrosoana ;

Ny fanavaozana ny drafitra fampandrosoana dia mifototra amin'ny vokatra sy ny tatitry ny tomban'ezaka natao tamin'ny drafitra fampandrosoana teo aloha.

Andininy 2.- Ny SLC tarihin'ny Ben'ny Tanàna dia tompon'andraikitra amin'ny fanaovana tomban'ezaky ny drafitra fampandrosoana teo aloha.

Andininy 3.- Ny rafitra mpanatanteraka dia tompon'andraikitra voalohany manatanteraka ny fandaharan'asa sy ny tetikasa laharam-pahamehana mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina izay voarakitra ao anatin'ny drafitra fampandrosoana nohavaozina.

Andininy 4.- Ny SLC dia miara-miasa amin'ny Kaominina amin'ny fanolorana tolo-kevitra mifanaraka amin'ny fanatanterahana, fizohiana ary tomban'ezaka atao amin'ny drafitra fampandrosoana nohavaozina.

Andininy 5.- Mampiandraikitra ny Ben'ny Tanàna ny fampahafantarana ny besinimaro, ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato……. nitsipaka sy vato……. fotsy.

Natao tao ……..., ny ……..

Ny Filohan'ny Filan-kevitra,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ny Mpampaka-teny,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny]

Ireo mpikambana,

[Sonia]

[Anarana sy fanampiny

<u>Tovana 15.</u> Fomba atao raha hanao tomban'ezaka ny drafitra fampandrosoana teo aloha

Fanomanana

Fanadihadihana ny tahirin-kevitra sy ireo antontan-kevitra voarakitra tao anaty drafitra fampandrosoana teo aloha

Fanadihadiana

Fijerena, fanadihadiana (ara-tekinika, ara-bola sy aram-pandaminana) ny fandaharan'asa sy ny tetikasa.

TETIKASA	ASA NOVOLAVOLAINA	TOERANA NISITRAKA	ASA VITA	ELANELANA	FANAZAVANA
FANDAHARAN'ASA 1 :					
TETIKASA 1					
TETIKASA 2					
TETIKASA 3					

TETIKASA	ASA NOVOLAVOLAINA	TOERANA NISITRAKA	ASA VITA	ELANELANA	FANAZAVANA
FANDAHARAN'ASA 2 :					
TETIKASA 1					
TETIKASA 2					
TETIKASA 3					

TANDRIFIM-PAHEFAN'NY KAOMININA
VOALAZAN'NY
LALANA FEHIZORO laharana faha 2014-018 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany manokana.

SOKAJY FAHATELO : NY AMIN'NY TANDRIFIM-PAHEFAN'NY KAOMININA

And.26.- Araky ny fepetra voalazan'ny andininy faha-149 amin'ny Lalàmpanorenana, ny Kaominina dia manohana ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-piarahamonina, ara-kolontsaina sy ara-tontolo iainana ao amin'ny fari-piadidiany.

Ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina dia mifantoka indrindra amin'ny foto-kevitra momba ny fanakaikezana, ny fitsinjarana, ny fironana, ny fampiroboroboana ary ny fiarovana ny tombotsoan'ny mponina.

And.27.- Ny sehatry ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina dia miompana indrindra amin'ny :

- famantarana ireo otrikarena sy ny filàna ara-toekarena, ara-piarahamonina, ara- kolontsaina sy ara-tontolo iainana ary ny fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'izany ;
- fanantontosana ireo asa hafa rehetra miankina amin'ny tandrifimpahefany araky ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika manokana.

. **And.28.-** Ankoatr'ireo fepetra voalazan'ny andininy etsy aloha, ny Kaominina no misahana indrindra :

Eo amin'ny lafiny fitantanan-draharaham-panjakana :

- ireo asa fototra mikasika ny fitantanan-draharaham-panjakana sy fitantanam-bola ;
- ny fitantanana ny fananan'izy ireo manokana ;
- ireo asa rehetra mifandraika amin'ny fiankohonana, fiantsoana ho miaramila, fanisana ny mponina ;
- ny fanatanterahana ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy Kaominina sy itsijaram-pahefana ary ny fampiroboroboana ny fiaraha-miombon'antoka ;
- fanatontosana ireo asa aman-draharaha hafa rehetra miankina amin'ny tandrifim-pahefany araky ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika manokana.

Eo amin'ny lafiny toekarena, ny fametrahana ny drafitra momba ny fampandrosoana any amin'ny Kaominina sy fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'ny :

- fanatontosana sy ny fitantanana ireo fotodrafitrasa sy fampitaovana momba ny fivarotana toy ny toerana malalaka falehan'ny besinimaro sy tsenam-bahoaka, ny tsenan'omby sy ny toeram-piantsonan'ny fiarakodia, ary ireo fampitaovana rehetra mampidi-bola toy ny toerana famonoam-biby sy ny sehatra maitso ;
- fitantanana ny làlana, ny làlan-kely mampifandray, ny tetezana sy ny baka ho an'ny tombontsoan'ny Kaominina ;
- ny fizahan-tany eny ifotony ;

Eo amin'ny lafiny fiaraha-monina sy kolontsaina :

1- Amin'ny fametrahana ny drafitra fampandrosoana ny Kaominina sy ny fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'ny:

- fitantanana ny fanaovan-dàlana, ny rano sy ny fanadiovana
- ny tanàna, ny fitandremam-pahasalamana, ny fitantanana ny fako avy any an-tokantrano ;
- fanatanterahana,amin'ny tandrify azy, ireo asa sy fepetra
- sahaza mikasika ny ady amin'ny loza voajanahary ;
- ny famaritana sy ny fanatontosana ireo fandaharan'asa momba ny trano fonenana ;
- sy ireo fampitaovana ho an'ny daholobe an-tanàn-dehibe sy ambanivohitra ;
- fitantanana ny fanomezana trano fonenana ;
- ny fandriampahalemana ifotony sy ny fiarovana ny mponina ;

- ny fanatontosana ireo asa sosialy indrindra ny amin'ny fanomezana tombony ireo olona manana fahasembanana, ny zokiolona sy ny olona sahirana ara-pivelomana ;
- ny fitantanana ireo foto-drafitrasa sy fampitaovana fototra ho an'ny daholobe ara-tsosialy, ara-panabeazana, ara-kolontsaina sy ara-panatanjahantena ary ara-pahasalamana : akanin-jaza, sekoly fanabeazana fototra, sekoly ambaratonga faharoa ary tobim-pahasalamana fototra :

2- Amin'ny fanatontosana sy ny fitantanana ny vala sy sehatra fialam-boly sahaza ny Kaominina ;

3- Ary ny fampiroboroboana ireo kolontsaina mampiavaka.

Eo amin'ny lafiny tontolo iainana, ny fametrahana ny drafitra fampandrosoana ny Kaominina sy ny fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'ny :

- fandraisana anjara fikajiana, fanomezan-danja sy fitantanana ny tontolo iainana sy ny loharanon-karena voajanahary ; fisorohana sy ny ady amin'ny doro tanety sy ny fandripahana ny ala.